REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-050/2026

MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2027

PROJET DE LOI n° 050/2026

PORTANT LOI DE FINANCES
POUR 2027

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-050/2026
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO AMIN'NY TAONA 2027

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-050/2026 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO AMIN'NY TAONA 2027

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy tompokovavy,

Ny Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana Voalohany ho an'ny taona 2027 (PLFI 2027) dia manohy ny fampiharana ireo laharam-pahamehana voafaritra ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ho amin'ny Fanavaozana ifotony (PGE-R) sy ny Drafitra Fanatanterahana izany (PMO). Izany dia mifantoka indrindra amin'ny fanohanana ny fanomezana aina indray ny toekarena, ny fampandrosoana ny fiampitana ho amin'ny angovo madio sy azo havaozina, ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina, ary ny fanamafisana ny fahafaha-miatrika ireo loza ateraky ny fiovaovan'ny toetr'andro izany. Omena lanja manokana ihany koa ny sehatra sosialy, izay ahitana ireo tetikasa mitondra anjara biriky mivantana amin'ny fanatsarana ny fiainan'ny mponina.

Araka izany, ho tohin'ny ezaka efa natomboka tamin'ny taona 2026, ny Governemanta dia mikasa ny hanohy ny fikaonandoham-pirenena ao anatin'ny Fanavaozana, sady manamafy ihany koa ny fanapariaham-pahefana sy ny fitsinjaram-pahefana eo amin'ny sehatry ny tetibolam-panjakana. Izany fomba fiasa izany dia mikendry ny hijerena akaiky ny zava-misy marina eny an-toerana, ary hanomezana valiny ny hamaliana amin'ny fomba mifanaraka kokoa amin'ny filàn'ny mponina manerana ny Nosy.

Ankoatra izany, hanamarika ny taona 2027 ihany koa ny fanomanana sy ny fanatanterahana ny fifidianana. Araka izany, efa natokana ny entimanana ilaina amin'ny fanatanterahana ireo vanim-potoana ireo, araka ny fepetra voalazan'ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery.

Amin'ny alalan'ireo tari-dalana ireo, ny Governemanta dia manamafy indray ny finiavany hanambatra ny fanomezana aina indray ny toekarena, ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina, ny fanamafisana ny asa aman-draharaham-panjakana ary ny fahaiza-mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana. Ireo ezaka ireo dia mikendry ny hametrahana ny fepetra ahafahana manatratra ny fitomboan'ny toekarena izay vinavinaina ho 5,1% amin'ny taona 2027, ary ny hamadihana tsikelikely

ireo laharam-pahamehana nasionaly ho asa sy vokatra azo tsapain-tanana, ho tombontsoan'ny vahoaka manontolo sy ho amin'ny fampandrosoana maharitra an'i Madagasikara.

I- ZAVA-MISY EO AMIN'NY SEHATRY NY TOE-KARENA

I.1- VINAVINA ARA-TOEKARENA HO AN'NY FARAN'NY TAONA 2026

	2025	2026 (LFR 2026)	2026 (PLFI 2027)
Fitomboana ara-toekarena (%)	3,4	3,8	4,1
Seha-pihariana voalohany (%)	4,0	4,0	2,1
Seha-pihariana faharoa (%)	-0,5	1,9	-2,0
Seha-pihariana fahatelo (%)	4,6	5,7	7,2
PIB réel (miliara Ariary)	24 898,8	25 855,4	25 921,0
PIB nominal (miliara Ariary)	87 765,2	99 039,0	98 590,0
PIB/tête (USD)	610,6	689,1	694,4

Na dia teo aza ny fiantraikan'ireo tranga nifanesy nandritra ity taona 2026 ity, dia mbola nahitana fahazakana sy faharetana manoloana ny olana nisy ny toekaren'i Madagasikara. Vinavinaina hahatratra +4,1% ny fitomboana ara-toekarena amin'ny taona 2026, raha +3,8% izany araka ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiana fanitsiana 2026 (LFR 2026), izany hoe fiakarana kely 0,3 teboka isan-jato. Na izany aza, io fanitsiana miabo io dia maneho ambadika ny tsy fitovian'ny fivoaran'ireo seha-pihariana ara-toekarena, izay ahitana ny fihiban'ny seha-pihariana voalohany sy ny seha-pihariana faharoa. Izany dia miseho ao anatin'ny tontolon'ny tranga namely ara-toetr'andro sy ny fahatarana mahakasika ny fanambarana momba ny fanavaozana ny AGOA. Ny sehatra fahatelo kosa, izay manampy tosika ireo fivoarana ireo, dia mbola iharan'ny tsindry vokatry ny ady any Iran, izay misy fiantraikany amin'ny tinady avy any ivelany sy ny tinady anatiny.

Tombanana ho +2,1% ny fitomboan'ny ***seha-pihariana voalohany***, raha +4,0% izany araka ny LFR 2026, izany hoe fihenana 1,9 teboka.

Ny ***seha-pihariana faharoa*** dia vinavinaina hihena -2,0%, raha fitomboana +1,9% no voasoratra tao amin'ny LFR 2026, izany hoe fihenana 3,9 teboka.

Ny ***seha-pihariana fahatelo*** kosa dia vinavinaina hitombo +7,2%, raha +5,7% izany araka ny LFR 2026, izany hoe fiakarana 1,5 teboka.

I.2- VINAVINA HO AN'NY TAONA 2027

	Vinavina 2027 (LFR 2026)	Vinavina 2027 (PLFI 2027)
Fitomboana ara-toekarena (%)	**5,4**	**5,1**
Seha-pihariana voalohany (%)	5,0	4,7
Seha-pihariana faharoa (%)	3,0	1,4
Seha-pihariana fahatelo (%)	6,4	6,7
PIB réel (miliara Ariary)	27 255,0	27 234,5
PIB nominal (miliara Ariary)	111 986,8	112 440,4
PIB/tête (USD)	717,5	729,1

Miankina amin'ny fanarenana ireo fotodrafitrasa simba vokatry ny rivodoza, ny fanohanana ny fambolena sy ny orinasa, ny fiantohana ny famatsiana angovo, ny fampiroboroboana ny fampiasambola mamokatra ary ny fampandrosoana ireo sehatra manana fahafahana lehibe hamorona asa ny famelomana indray ny toekaren'i Madagasikara. Anisan'ireo sehatra ireo ny fandraharahana arapambolena sy ny fanodinana vokatra, ny famokarana lamba sy fitafiana, ny fizahantany, ny fifandraisandavitra ary ny asa vaventy sy fanorenana. Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, dia heverina fa hitondra tombontsoa ho an'ny sampam-pihariana lamba sy fitafiana ny fanalavana ny fe-potoana fampiharana ny AGOA hatramin'ny 31 Desambra 2028. Na izany aza, dia mbola misy ireo loza mety hampihena ny vinavina ara-toekarena amin'ny taona 2027. Mety hanohintohina ny fiarvoana ara-tsakafo sy ny famatsiana angovo ny fisehoan'ny El Niño, raha toa ka mety hampiakatra ny vidin'ny angovo sy hampitombo ny olana eo amin'ny lozistika maneran-tany kosa ny fitohizan'ny fifanenjanana any Moyen Orient. Vinavinaina hahatratra +5,1% ny fitomboana ara-toekarena amin'ny taona 2027, izany hoe 0,3 teboka latsaka raha oharina amin'ny vinavina +5,4% voasoratra tao amin'ny LFR 2026 :

Ny ***seha-pihariana voalohany*** dia vinavinaina hitombo +4,7%, raha +5,0% no vinavina tao amin'ny LFR 2026, izany hoe fihenana 0,3 teboka. Ny ***seha-pihariana faharoa*** kosa dia hahitana fitomboana +1,4% amin'ny taona 2027, raha +3,0% no vinavina teo aloha, izany hoe fihenana 1,6 teboka. Ny ***seha-pihariana fahatelo*** dia antenaina hanohy ny fihatsarany amin'ny taona 2027, ka hiakatra ho +6,7% ny vinavinan'ny fitomboany, raha +6,4% izany tao amin'ny LFR 2026, izany hoe fiakarana 0,3 teboka. Mety hihamafy kokoa ireo fivoarana ireo noho ny fanatsarana ny fifandraisana sy ny fahafahana mifandray, ny fiverenana amin'ny laoniny andrasana eo amin'ny fizahantany, ny fitomboan'ny fifanakalozana ara-barotra anatiny ary ny fanamafisana ny fahafaha-manao eo amin'ny lozistika.

I.3- FITANTANANA NY ISAN'NY MPIASAM-PANJAKANA

Fitantanana entanim-bina eo amin'ny isan'ny mpiasam-panjakana: fandraisana mpiasa voafaritra ho an'ny fahombiazan'ny asan'ny Fanjakana sy ny fanarenana ny toekarena

Ao anatin'ny Volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana 2027, ny Governemantan'ny Fanavaozana dia manohy ny politika fametrahana fitantanana entanim-bina sy fanatsarana ny isan'ny mpiasam-panjakana, miorina amin'ny fifanarahana tsara kokoa eo amin'ny loharanon-karena avy amin'ny maha-olona, ny tena filan'ny fitantanan-draharaha, ary ny laharam-pahamehana nasionaly amin'ny fanarenana ny toekarena. Ity politika ity dia mikendry ny hanamafy ny fahombiazan'ny asan'ny Fanjakana, hanatsara ny kalitao sy ny fahafahana misitraka ireo tolotra omena ny vahoaka, ary hanampy amin'ny fanovana ny toekarem-pirenena, sady mitandrina ny fifehezana ny antonta-karama sy ny faharetan'ny fahafaha-manefa eo amin'ny fitantanam-bolam-panjakana.

Ho an'ny taonan'asa 2027, ny famolavolana ny isan'ny mpiasa dia mandray an-tsaina ny fandehanana misotro ronono izay tombanana ho an'ny mpiasa miisa 4 447, ary ny fialana amin'ny asam-panjakana noho ny antony hafa izay tombanana ho an'ny mpiasa 843, ahitana indrindra ny fametrahana fialana, ny fahafatesana ary ny fandroahana. Mirazotra amin'izany, ny famoronana toeran'asa miisa 19 584 dia atolotra, ka ny 15 699 ho an'ny fandraisana mpiasa mivantana ary ny 3 885 ho an'ny fandraisana amin'ny alalan'ny fifaninanana hidirana ho mpiasam-panjakana, mba entina hamaliana ny filana laharam-pahamehana eo amin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana. Ity fandaharana ity dia miorina amin'ny fanombanana ny filana tena fantatra, ny fahaiza-manao ilaina, ny fahafahan'ny Fanjakana mandray mpiasa vaovao, ary ny fandaharam-potoana fivoahan'ny mpianatra eny amin'ireo toeram-pampianarana, sady mandinika ireo fetra ara-bola tsy azo ihoarana.

Araka ny torolalan'ny Governemanta, ny fandraisana mpiasa dia hiompana voalohany indrindra amin'ny sehatry ny fanabeazana, ny fahasalamana, ny filaminanam-bahoaka ary ny fitsarana, ary koa ny hery fiarovana sy ny filaminana, ireo sehatra ireo dia mihazona ny 81,51%-n'ny toeran'asa natolotra, mba hanamafy ny fahaiza-manatanteraka ireo tolo-draharaha tena ilaina, hanatsarana ny fandrakofan'izany ny faritra rehetra, ary hamaly ny filana izay mihamaro eo amin'ny mponina. Hojerena manokana ihany koa ireo sehatra mamokatra, indrindra ny fambolena, ny fiompiana ary ny jono, mba hanamafy ireo fahaiza-manao entina mitarika sy manohana ara-teknika ireo tantsaha mpamokatra, hanohanana ny famokarana eto amin'ny firenena, hampandroso ny rojon-tsanda hary, ary handray anjara amin'ny fahaleovantena ara-tsakafo sy ny fitomboana ara-toekarena.

Ho fanampin'ireo laharam-pahamehana ireo, ireo fandraisana mpiasa dia hikasika ihany koa ireo minisitera hafa, izay miorina amin'ny filana voamarina tsara, indrindra mba hiantohana ny fitohizana sy ny fizorana tsara eo amin'ny tolo-draharaha ataon'ny fanjakana, hanamafy ny fitaovana fisorohana sy fiadiana amin'ny kolikoly, hanatsara ny fanetsehana ireo loharanom-bolam-panjakana, ary hanamafy ny asa fanaraha-maso sy fitantanana. Izy ireo ihany koa dia mikendry ny hanamafy ny fahaiza-manao ara-teknika sy enti-miasa amin'ny fitantanan-draharaha eo amin'ireo tompon'andraikitra misahana ny famolavolana, ny fanatanterahana ary ny fanaraha-maso ny Fandaharan'asa Fampiasam-bolam-panjakana (PIP), indrindra eo amin'ny sehatry ny fotodrafitrasa, ny angovo, ny rano, ny nomerika ary ny fampandrosoana ny faritra.

Ity politika ity dia tafiditra amin'ny dingana fanatsarana sy fandaminana ny loharanon-karena avy amin'ny olombelona, izay manome tombony ny fandraisana mpiasa voafaritra araka ny iraka, ny filana hita, ary ny vokatra andrasana, fa tsy ny fampitomboana efa mahazatra eo amin'ny isan'ny

mpiasa. Izy io dia mikendry ihany koa ny hanatsara ny fitsinjarana ara-jeografia ny mpiasa, hanamafy ny sampan-draharaha isam-paritra, ary hanohana ny fampiasana mahomby kokoa ireo loharanom-bola, amin'ny fanomezana tombony ny fametrahana mpiasa any amin'ny toerana izay ahitana ireo filàna sy fepetra fampandrosoana tena manan-danja.

Amin'ny alalan'ity fomba iray ity, ny Governemanta dia mikendry ny hametraka ny fitantanana ny isan'ny mpiasam-panjakana ho fanoitra ho an'ny fanatsarana ny tolo-draharaham-panjakana sy fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy, avy amin'ny fampivondronana ny fanavaozana ny loharanon-karena miainga amin'ny olombelona, ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Fanjakana, ary ny fifehezana maharitra ny fandaniana ho an'ny mpiasa.

II- FITODIKY NY TETIBOLAM-PANJAKÀNA

II.1- VOLA MIDITRA

II.1.1- HETRA

II.1.1.1- HO AN'NY VOLA MIDITRA AVY AMIN'NY HETRA ANATINY :

Ny fitombon'ny harikarena, izay vinavinaina hahatratra 5,1% ho an'ny 2027, izay mifanojo amin'ny tondrom-bidin'ny harikarena faobe 8,5 isan-jato dia tokony hanohana ny firoboroboan'ny vola miditra avy amin'ny hetra anatiny mahatratra 6,2%'ny harikarena faobe amin'ny taona 2027.

Izany tanjona izany dia misoritra indrindra ao amin'ny politika ankapoben'ny Fanjakàna ho an'ny Fanavaozana (PGE-R) sy ny Fandaharan'asa fampiharana (PMO/PGE-R) izay mametraka ny tamberin'andraikitra, ny Fanjakana tsara tantana ary ny fahaiza-mitsinjara ny volam-panjakàna ho amin'ny laharam-pahamehan'ny asa-panjakàna. Ny volavolan-tetibolam-panjakana 2027 dia miankina indrindra araka izany amin'ny fampitomboana ny fidiram-bola anatiny.

Mba ahafahana manamafy ny fitovian-jo ara-ketra sy mampihena ny varotra tsy ara-dalana, ny vinavina dia miankina amin'ireo fepetra araka ny lalàna sy ara-panjakana, izay miompana manodidina ireto sehatra 6 ireto : i) fanitarana ny fototra famerana ara-ketra ; ii) Fandanjalanjana ireo fandaniana ara-ketra ; iii) Fiarovana ireo vola miditra ; iv) fanamafisana ny ady amin'ny hosoka sy ny kolikoly ; v) fanohizana ny fampidirana ny teknôlojia nomerika amin'ny sampan-draharaha ara-ketra ; vi) ary ny fanatsarana ihany koa ny fitakiana ireo trosan-ketra.

Ho an'ity taom-piasàna 2027 ity, dia kasaina ny hampidi-bola mitentina 6 923,2 miliara Ariary avy amin'ny vola-miditra amin'ny hetra anatiny mbola tsy afa-karatsaka. Io lelavola io dia avy amin'ny vinavinan'ny vola miditra avy amin'ny hetra anatiny mitetina 6 501,06 miliara Ariary, miampy 422,14 miliara Ariary avy amin'ny ezaka fanampiny andrasana avy amin'ny fampiharana ireo fepetra araka ny lalàna sy ara-panjakàna. Mampivoitra fiakarana mahatratra 701,50 miliara Ariary izany, izany hoe mahatratra 11,28 isan-jato raha oharina amin'ny tanjona napetraky ny Teti-bolam-panjakàna nasim-panitsiana 2026.

Miliara Ariary

KARAZAN-KETRA	LFR 2026	PLF 2027	ELANELANY
Hetra alaina amin'ny vola miditra	1 703,03	1 940,58	237,55
Hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy	966,27	1 038,08	71,81
Hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola	108,91	125,86	16,95
Hetra alaina amin'ny tombom-barotra	18,49	19,26	0,77
Hetra tambatra	173,63	188,17	14,54
Sara-panoratana sy famindran-tompo	67,17	73,56	6,39
Haba amin'ny tataom-bidy	1 852,88	2 107,32	254,44
Haba amin'ny fifanakalozana amin'ny finday	29,74	33,79	4,05
Hetra alaina amin'ny Tsenam-barotra	288,26	329,07	40,81
Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana	961,77	1 005,21	43,44
Hetra amin'ny fifanarahana-piantohana	20,62	21,66	1,04
Sara amin'ny hajia	26,88	36,30	9,42
Hafa	4,03	4,33	0,30
FITAMBARANY	**6 221,70**	**6 923,20**	**701,50**

II.1.1.2- FEPETRA MAHAKASIKA NY LALÀNA ARA-KETRA :

Araka ny fitodika ankapoben'ny tetibola izay voalaza etsy ambony, dia voakasik'ireo fepetra ara-ketra vaovao entina anatin'ity volavolan-dalana momba ny tetibola ity indindra ny hetra amin'ny vola miditra, ny sara-panoratana sy famindran-tompo, ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana, ny haba amin'ny tataom-bidy, ireo fepetra iombonana ary ny paika ara-ketra samihafa.

a. Fanitarana ny famerana ara-ketra :

- Fampiharana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana (DA) amin'ireo kojakoja fanatsarana tarehy sy ranomanitra (tovana DA), (+2,48 miliara Ariary) ;
- Fanitsiana ireo sanda amin'ny sara raikitra amin'ny sara-panoratana (DE), (+ 1,35 miliara Ariary) :
- Famerana ny hetra farany ambany ho an'ireo ONG, tsangan'asa fanasoavam-bahoaka ary fikambanana tsy manana tanjona ara-bola amin'ny hetra alaina amin'ny vola miditra (IR), (+ 0,73 miliara Ariary) :
  - Ar 100 000 + 1% n'ny vola maty raha manao asa mampidi-bola iray na maromaro ;
  - Ar 20 000 eo amin'ny fakana laharana ara-ketra sy amin'ny fotoana hanaovana fanoloana ny karatra ho an'reo tsy manao asa mampidi-bola.
- Fanovana ireo ampaham-bola aloa mialoha ny fanombohan'ny asa amin'ny hetra tambatra (IS) : Ar 20 000 raha toa ka Ar 16 000 teo aloha ho an'ireo mpamboly, mpiompy, mpanjono, mpitrandraka harena an-kibon'ny tany madinika, mpitatitra mampiasa fiara tsy enti-milina.
- Fanovana ny hetra farany ambany amin'ny hetra amin'ny karama sy ny toa azy (IRSA) : Ar 5 000 raha toa ka Ar 3 000 teo aloha (+4,80 miliara Ariary).

b. Fandanjalanjana ny fandaniana ara-ketra :

- Famerenana ny fitakiana ny TVA:
  - amin'ny fanafarana ireo biby fisarihana ;
  - ny saran'ny fiofanana karakarain'ny Antenimieran'ny Varotra, mikasika ny fampombana ireo mpikambana hampiroborobo ny asany ;
  - saram-pandraisan'anjara sy saram-pidiran'ireo mpitsidika amin'ny fikarakarana foara ataon'ny iray na mpikambana maromaro amin'ny vondrona manana tanjona iraisana matihanina avy amin'ny sehatra tsy miankina ;
  - fanafarana sy fivarotana fitaovana fitarafana ara-pitsaboana sasany ampiasaina amin-javatra hafa.
- Fanafoanana ny fanesoran-ketra amin'ny IR :
  - ireo vola fanampiana ara-tsakafo sy ireo trosa sisa tsy voaloa tsy maintsy efaina ho an'ny olon-tsotra mitondra fanamarinana ny tena nandoavana izany marina ;
  - ny fandrotsaham-bola nataon'ireo olona iharan'ny hetra ho an'ny fikambanana ekena ho mahasoa ny be sy ny maro voafaritry ny didim-panjakana manana endrika fanabeazana, sosialy na kolontsaina, antokon-draharaha nahazo fankatoavana amin'ny fikarohana siantifika sy/na tekinika na amin'ny fampiroboroboana ary koa ny famoronana orinasa izay mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny zava-kendren'ny drafitra fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy ;
  - hatramin'ny 75% n'ny fandaniana mifandray amin'ireo fanomezana omena ireo fototra ekena ho mahasoa ny be sy ny maro voafaritry ny didim-panjakana.
- Fanovana ho 60% ny tahan'ny tsy fahazoana manala ireo tombon-tsoa tsy ara-bola tsy iharan'ny IRSA raha 40% izany teo aloha;
- Fanafoanana ny fanesoran-ketra amin'ny IRCM ireo vokatra mifanaraka amin'ireo andraikim-pitondran'ny Filohan'ny filan-kevi-pitantanana, ny mpitantana lefitry ny filoha amin'ny maha Tale jeneraly sy amin'ny mpitantana vonjimaika namindrana fahefana;

c. Fiarovana ireo fidiran-ketra:

- Famerana ny fahazoana manala ireo vesatra avy amin'ny fividianana entana sy raharaha atao amin'ireo mpamatsy entana sy mpisahan'asa tsy manana laharam-pamantarana ary famaritana ireo lamandy ho an'ny mpandoa hetra tsy iharan'ny IR (+ 32,82 miliara Ariary) :
  - Ho an'ny fifanakalozana rehetra latsaky ny Ar 500 000: fahazoana manala miakina amin'ny fandoavana ny hetra tambatra notanana ifotony na ISRAS ;
  - Ho an'ireo fifanakalozana mihoatry ny Ar 500 000 : tsy mainsy manana laharam-pamantarana raha tsy zany dia tsy afaka manao fanesorana ireo vesatra ;
- Famaritana mazava :

- ny fakana hetra amin'ny vola miditra amin'ny karazany rehetra ataon'ny mpisahan-draharaha avy any ivelany aloan'ny olona monina eto an-toerana na toeram-piasana raikitra eto Madagasikara, na dia any ivelany aza no anatanterahana ny asa na natao an'habaka.
- momba ny fitsipika mifehy ny tsy fahampian'ny renivola sy ny famerana ny fanesorana ny zanabola ho an'ireo orinasa mikambana ao anaty vondrona ;

▪ Fandrotsahana ny hetra alaina amin'ny tsenam-barotra na IRM notanana ifotony ataon'ny mpitana kaontim-panjakana any amin'ny mpandray volan'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra akaikin'ny Famoriana hetra foibe, ny Fitehirizam-bola foibe na ny Fitehirizam-bola ankapobe izay manao ny fitanana ifotony ;

▪ Famerana ny fanafoanana ny lohahevitry ny fanitsiana voakasika sy tsy fikitihana ny fampahafantarana raikitra raha tsy milaza :

- ireo singa notanana ho fototra hameran-ketra ary koa ireo fototra ara-dalàna azo iaingana amin'ny fanitsiana ara-ketra;
- ny hevitry ny mpanao fitsirihana mikasika ireo fanamarihan'ny mpandoa hetra

▪ Fahafahana manafoana ny hetra, noho ny fahadisoana avy amin'ny sampan-draharaha na dia tsapa aza ny tsy fahazoana mandray amin'ny endrika;

▪ Fametrahana lamandy ankoatry ny hetra fototra, amin'ireo mpandoa hetra misitraka ny famerenana trosan-kaba amin'ny TVA amin'ny tranga tsy fanarenana ny vola mihoatra noraisina ao anatin'ny fotoana voatondro.

▪ Tsy fananan-kery eo anatrehan'ny Fandraharahan'ny hetra ireo rakitra sy antontan-taratasy natolotra taorian'ny fe-potoana voatondro ;

d. **Fanatsarana ny paika sy ny fampidiram-bola ara-ketra** :

▪ Fanamorana ho an'ireo fikambanana sy sampan-draharaha tsy mitady tombom-barotra: fahafahana tsy mandoa ny ampaham-bola arotsaka mialoha ho amin'ny hetra amin'ny vola miditra ;

▪ Fanazavana momba ireo fepetra ara-endrika amin'ireo fangatahana famindram-po.

Fanadiovana samihafa

II.1.1.3- AMIN'IREO FEPETRA ARA-PANJAKANA :

Mba hanatsaràna ny fahatanterahana ireo tanjona hotratrarina, dia ho raisina ihany koa ireto fepetra ara-panjakana ireto amin'ny taona 2027:

▪ E-facturation : tsy maintsy atao ny faktiora elektronika, (sehatra DGI) (+ 57,9 miliara Ariary);

▪ Fametrahana marika nomerika amin'ny alalan'ny hajia ara-ketra amin'ireo zava-pisotro misy alikaola sy sigara (+ 41,83 miliara Ariary)

- Sehatra e-enregistrement (+ 12,38 miliara Ariary) ;
- Rafitra fanaraha-maso ny vola miditra amin'ireo mpandraharaha amin'ny fifandraisan-davitra sy ireo orinasa mpanome vola elektronika (EME) (+ 22,8 miliara Ariary) ;
- Fanaraha-maso ireo trosa (+ 167,99 miliara Ariary).

Ny fitambaran'ireo fepetra ireo dia hanampy amin'ny fahazoana vola miditra fanampiny mitentina 422,14 miliara Ariary.

Fiantraikan'ireo fepetra ara-ketra amin'ny PLFI 2027:

Miliara Ariary

N°	FEPETRA LAHARAM-PAHAMEHANA HO AN'NY PLFI 2027	SORA-BOLA
	Fepetra araka ny lalàna (I)	**119,24**
	a. Fanitarana ny famerana ara-ketra	**76,82**
1	Fampiharana ny DA amin'ireo kojakoja fanatsarana endrika sy ranomanitra (vita eto an-toerana sy nafarana)	2,48
2	Fanovàna ny sandan'ny sara raikitra amin'ny DE	1,35
3	Fanovàna ny hetra farany ambany amin'ny IRSA	4,8
4	Famerana ny hetra farany ambany amin'ny IR ho an'ireo fikambanana, fototra ary ONG	0,73
5	Fanolorana amin'ny taranaka midina mivantana	1,01
6	Fampiharan ny fampiakarana ny sara amin'ny hajia amin'ny fivahinianana (+50 €)	66,45
	b. Ady amin'ny tsy fanarahan-dalàna	**32,82**
7	Famerana ny fahazoana manala ireo vesatra avy amin'ny fividianana entana sy raharaha atao amin'ireo mpamatsy entana sy mpisahan'asa tsy ara-dalàna	32,82
	c. Fiarovana ny vola miditra	**9,6**
8	Fitakina fahazoan-dalana mialoha ny fividianana entana ahafahana manesotra ny TVA amin'ny alalan'ny taratasy fanamarinana toeran-kaleha	9,6
	d. Fandanjalanjana ny fandaniana ara-ketra (tsy azo refesina ara-kajy)	
	Fepetra ara-panjakana (II)	**302,9**
9	E-facturation (faktiora elektronika tsy maintsy atao, sehatra DGI)	57,9
10	Fametrahana marika nomerika amin'ny alalan'ny hajia ara-ketra amin'ireo zava-pisotro misy alikaola sy sigara	41,83
11	Sehatra e-enregistrement	12,38
12	Rafitra fanaraha-maso ny vola miditra amin'ireo mpandraharaha amin'ny fifandraisan-davitra sy ireo orinasa mpanome tolotra ara-bola amin'ny alalan'ny vola elektronika (EME).	22,8
13	Fanaraha-maso ny famoriana ireo trosa	167,99
	Fitambarany ankapobeny (I+II)	**422,14**

Lisitr'ireo fandaniana ara-ketra ho foanana ny taona 2027

ANTSIPIRIHANY AMIN'NY FANDANIANA ARA-KETRA HO FOANANA AMIN'NY PLFI2027

N°	Fepetra fandanjalanjana (tsy azo refesina ara-kajy)
	Fanafoanana ny fanesorana ny TVA amin'ny
1	- fanafarana biby fisarihana
2	- Ireo saran'ny fiofanana karakarain'ny Antenimieran'ny varotra, mahasika ny fanampiana ny mpikambana ao aminy mba hampandrosoana ny asa aman-draharahany
3	- Ireo saram-pandraisana anjara sy saram-pidiran'ireo mpitsidika amin'ny fikarakarana foara ataon'ny mpikambana iray na maromaro ao amin'ny vondrona mpiara-miasa ara-barotra avy amin'ny sehatra tsy miankina
4	fanafarana sy fivarotana fitaovana fitarafana ara-pitsaboana sasany ampiasaina amin-javatra hafa.
	Fanafoanana ny fanalana amin'ny IR :
5	- ireo vola fanampiana ara-tsakafo sy ireo trosa sisa tsy voaloa tsy maintsy efaina ho an'ny olon-tsotra
6	- ny fandrotsaham-bola nataon'ireo olona iharan'ny hetra ho an'ny fikambanana ekena ho mahasoa ny be sy ny maro voafaritry ny didim-panjakana sns.
7	- hatramin'ny 75% n'ny fandaniana mifandray amin'ireo fanomezana omena ireo fototra ekena ho mahasoa ny be sy ny maro voafaritry ny didim-panjakana.
8	**Fanitsiana ho 60%** ny tahan'ny tsy fahazoana manala ireo tombontsoa tsy ara-bola tsy iharan'ny IRSA raha 40% izany teo aloha.
9	**Fanafoanana ny fanesoran-ketra amin'ny IRCM** ireo vokatra mifanaraka amin'ireo andraikim-pitondran'ny Filohan'ny filan-kevi-pitantanana, ny mpitantana lefitry ny filoha amin'ny maha tale jeneraly sy amin'ny mpitantana vonjimaika namindrana fahefana.

II.1.2- FADINTSERANANA

Ny famolavolana ny fepetra momba ny fadintseranana ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2027 dia mikendry ny hanamafy ireo zava-bita stratejika teo amin'ny Fanavaozana sy hanatanteraka ny sori-dalana ho amin'ny fisandratana ara-toekarenan'i Madagasikara. Dingana lehibe tamin'izany ny Lalàna Fanitsiana ny Fitantanam-bolam-panjakana 2026, izay nanamafy ny fahafahan'ny toekarem-pirenena miatrika ny fiantraikan'ny krizy jeopolitika avy any ivelany sy ny fiakaran'ny saran'ny fitaterana sy ny famatsiana maneran-tany. Ny taona 2027 kosa dia manamarika ny fanombohan'ny dingana iray lehibe ho amin'ny fanarenana maharitra ny toekarena sy ny fanafainganana ny fampandrosoana ny indostria.

Ao anatin'ny toe-draharaha iraisam-pirenena mbola anjakan'ny fifanenjanana jeopolitika sy ny politika fiarovana ny tsena anatiny, dia manamafy ny andraikiny stratejika ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana : manatsara ny fahafahan'ny toekarem-pirenena mifaninana, mampitombo ny fahasarikany amin'ny mpampiasa vola, ary miaro ny fiandrianam-pirenena.

Noho izany, mba hampifanarahana ny tanjona hanamafy ny fizakan-tenan'ny firenena eo amin'ny sehatry ny indostria sy hanomezana aina indray ny toekarena amin'izany toe-draharaha iraisam-pirenena sarotra izany, dia miompana amin'ny fanatsarana ny fototra iorenan'ny hetra sy ny fiantohana ny fampidiram-bolam-panjakana ny vinavinan'ny vola miditra amin'ny fadintseranana ho an'ny taona 2027. Toy izao no amaritana izany :

II.1.2.1- NY VINA HO AN'NY VOLA HAMPIDIRIN'NY FADINTSERANANA AO AMIN'NY KITAPOM-BOLAM-PANJAKANA :

Vinavinaina ho 6 580,0 miliara Ariary ny vola hampidirin'ny Fadintseranana ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana noho ny :

- -filàna eo amin'ny fanafarana entana mifandraika amin'ny fitomboana 5,1% eo amin'ny harinkarena faobe. Hahitana fitomboana daholo ireo seha-pihariana ara-ekonomika telo lehibe ;
- -ny mety ho fivoaran'ny hadiry ny solika hafarana, noho ny fiovaovan'ny vidiny etsy an-daniny, sy ny fanavaozana ny hetra amin'ny « gazole » etsy an-kilany ;
- -famerana ny fanalefahana ara-ketra sy ny fanovana ny lazam-bidy maromaro amin'ny Fadintseranana izay andrasana hitondra 305,7 miliara Ariary ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana ;
- -fanatsarana ny fandraraharahana ny famotsoran-ketra sy ny fanatonan-ketra ary ny entana avy any amin'ny sisintany afindra any amin'ny biraon'ny Fadintseranana hafa. Ao anatin'izany indrindra dia hatomboka ny fanovonana ny EXO ao amin'ny rafitra nomerikan'ny Fadintseranana mba hampangarahara sy hampalaky ny fandraraharahana ny famotsoran-ketra.

Raha 31% amin'ireo vola vinavinaina hampidirin'ny Fadintseranana io no ho azo amin'ny fanafarana solika dia 69% kosa no ho azo amin'ny karazan'entana hafa.

Miliara Ariary

HABA SY HETRA	LFR 2026	PLF 2027	FITOMBOANA
Habantseranana	1 201,350	1 522,000	320,650
TVA amin'ny entana hafarana	2 395,093	3 034,000	638,907
Hetra amin'ny solika	333,642	414,000	80,358
TVA amin'ny solika	1 260,251	1 597,677	337,426
Haba amin'ny fitaterana	1,641	2,300	0,659
Samihafa :			
Fandraisana anjaran'ny Fadintseranana	10,000	10,000	0
Haba sy hetra hafa	0,023	0,023	0
FITAMBARANY	**5 202,000**	**6 580,000**	**1 378,000**

II.1.2.2- NY FEPETRA ARA-PANDRAHARAHARANA

Hatomboka ny fanovonana ny EXO ao amin'ny rafitra nomerikan'ny Fadintseranana mba hampangarahara sy hampalaky ny fandraraharahana ny famotsoran-ketra.

II.1.2.3- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny fanovàna noentina tao anatin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana dia mikendry ny :

- Fametrahana « code additionnel » nasionaly ho an'ireo orinasa indostrialy miorina eto Madagasikara izay nanao sonia taratasy fanekena, ka 5% ny haban-tseranana farany ambany mihatra amin'ny akora fototra sy ny fitaovana ampiasainy amin'ny famokarana.

- Famaritana mazava ny fepetra ahafahana misitraka ny fepetra tetezamita rehefa misy fiovana eo amin'ny tahan'ny haba, ary fisorohana ny fanararaotana an-kitsirano ataon'ny mpandraharaha amin'izany.
- Fanamafisana sy fanazavana ny fomba fitakiana sy fampidirana ireo vola tokony haloan'ny mpandika lalàna amin'ny fadintseranana, ao anatin'ny fifanarahana am-pihavanana hamaranana ny raharaha, ka tafiditra amin'izany ny haba, ny hetra ary ny lamandy.
- Fanazavana ny fitsipika mifehy ny famindram-pananana sy ny fivarotana ireo entana nogiazana, nafoin'ny tompony na noraofina.
- Fanesorana ny tsy fahazavana momba ny sazy mihatra amin'ny fahatarana amin'ny fanolorana antontan-taratasy sy ny fanatanterahana ireo fanekena noraisin'ny mpampiasa ny tolotra fadintseranana.
- Famaritana mazava ny sazy mihatra amin'ny tsy fanarahana ireo adidy mifandraika amin'ny fomba fitondrana ara-padintseranana ho an'ny asa ara-toekarena.
- Fanitsiana ireo hadisoana ara-materialy.

II.1.2.4- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADINTSERANANA

Ny fanovàna momba ny lazam-bidy amin'ny Fadintseranana dia miompana amin'ny :

- **Famoronana taha 30% ho an'ny haban-tseranana ampiharina amin'ny entana lafo vidy sy ny vokatra manimba ny fahasalamana (zava-pisotro misy alikaola, paraky sy vokatra misy nikotinina, ranomanitra, vokatra kosmetika, firavaka sy famantarandro, fiara fitaterana olona manana motera lehibe ary sambo fialamboly) :**

Ny rafitra misy ankehitriny ao amin'ny lazam-bidy dia mametra ho 20% ambony indrindra ny haban-tseranana ho an'ny vokatra vita, nefa tsy manavaka ny entana ilaina andavanandro amin'ny entana lafo vidy na manimba ny fahasalamana. Ny famoronana taha ambony kokoa 30% dia ahafahana mampandoa hetra bebe kokoa ireo entana ividianan'ny manana fahafahana mandoa hetra ambony, izay tsy dia miova loatra ny fangatahana azy na dia miakatra aza ny vidiny, ka miantoka fidiram-bola ho an'ny Fanjakana nefa tsy manavesatra ny filàna fototry ny tokantrano.

Ho an'ny zava-pisotro misy alikaola sy ny vokatra misy paraky sy nikotinina, ity fepetra ity dia mikendry ihany koa ny fiarovana ny fahasalamam-bahoaka amin'ny alalan'ny fampihenana ny fanjifana azy ireo. Tsy tafiditra ao anatin'ity fepetra ity ireo vokatra fanampiana amin'ny fialana amin'ny sigara (« produits de sevrage tabagique »).

- **Fampiakarana ho amin'ny taha 30% ny haban-tseranan'ireo vokatra vita izay vokarina eto an-toerana (mofomamy, vatomamy, sôkôla, « couscous », labiera, zava-pisotro sy rano misy siramamy, trondro voatahiry, savony), ary koa ny finday avo lenta (« smartphones**

»), ny « montres intelligentes », ny « casques sans fil », ny « objets connectés portés sur soi » ary ireo fitaovana fandefasana hafa, miaraka amin'ny fanasarahana ny zana-tsokajy laharana 8517.62 :

Ireo vokatra vita toy ny mofomamy, vatomamy, sôkôla, « couscous », labiera, zava-pisotro, trondro voatahiry ary savony dia efa misy famokarana eto an-toerana. Ny fampiakarana ho 30% ny haban-tseranana amin'ireo vokatra vita ireo, ao anatin'ny fanamafisana ny fiakaran'ny taha araka ny dingana fanodinana (« progressivité tarifaire »), dia mandrisika ny fanodinana eto an-toerana ny akora fototra ary manampy amin'ny fitazonana ny asa sy ny fanohanana ny toekarena. Ireo paty sy ny karazana mofomamy sasany, izay efa iharan'ny fepetra fiarovana maharitra (« mesure de sauvegarde définitive ») avy amin'ny ANMCC, dia tsy tafiditra ao anatin'ity fepetra ity.

Ny tapatapaka savony dia ampitoviana amin'ny savony vita, satria fanaovana bika fotsiny (« moulage ») no atao aminy eto an-toerana fa tsy fanodinana tena izy. Izany fampitoviana izany dia misoroka ny fanafarana savony amin'ny endrika « tapatapaka » mba hialana amin'ity fepetra ity. Ny « gel hydroalcoolique » ho an'ny tanana, izay vokarina eto an-toerana, dia sokajiana ho vokatra fidiovana andavanandro ary manaraka io fitsipika io ihany koa.

Ny finday avo lenta (« smartphones »), ny « montres intelligentes », ny « casques sans fil » ary ny « objets connectés portés sur soi », izay entana manana sanda ambony nefa tsy vokarina eto an-toerana, dia ampiharina io taha io ihany mba hampitomboana ny fidiram-bolam-panjakana. Nohazavaina ny fanoratana ny zana-tsokajy nasionaly laharana 8517.62 20 (« Casques et écouteurs sans fil, combinés avec un microphone, permettant la communication téléphonique ») mba hiantohana ny fanasokajiana ireo entana ireo, araka ny toeran'ny OMD. Ireo « bracelets d'activité », « bagues connectées » ary « objets connectés portés sur soi » hafa dia atokana ao amin'ny zana-tsokajy nasionaly vaovao laharana 8517.62 40.

Ireo « unités de machines automatiques de traitement de l'information » ao amin'ny zana-tsokajy laharana 8517.62 (« routeurs, commutateurs, modems, points d'accès et cartes réseau ») dia voafatotra amin'ny taha 22% eo anivon'ny OMC. Atokana ao amin'ny zana-tsokajy nasionaly vaovao laharana 8517.62 30 izy ireo ary mijanona amin'ny taha 5% ny haban-tseranana. Noho io antony io ihany, ireo « tablettes électroniques » ao amin'ny zana-tsokajy laharana 8471.30, voafatotra amin'ny taha 22%, dia tsy tafiditra ao anatin'ity fepetra ity ary mijanona amin'ny taha 20% ny haban-tseranana. Ireo fitaovana fandefasana hafa dia mijanona ao amin'ny zana-tsokajy laharana 8517.62 90 « Autres », ka miakatra avy amin'ny 5% ho 30% ny haban-tseranana.

- **Famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 20% ary 20% ho an'ny TVA ho an'ireo fitaovana mampiasa taratra « ionisantes » tsy natao ho an'ny fitsaboana, zana-tsokajy laharana 9022.29 00 :**

Ireo fitaovana mampiasa taratra alpha, bêta, gamma na taratra « ionisantes » hafa natao ho an'ny fampiasana tsy ara-pitsaboana, indrindra ho an'ny indostria na ho an'ny fanaraha-maso, dia misitraka fanafahana tanteraka amin'ny haban-tseranana sy ny TVA amin'izao fotoana izao. Tsy

mifanaraka amin'ny tanjona nametrahan'ny « politique tarifaire nationale » ny taha aotra izany fanafahana izany, dia ny fahasalamana, ny angovo maitso ary ny fambolena.

Ny famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 20% sy ny TVA amin'ny taha 20% dia mamerina ny firindran'ny lazam-bidy. Mbola afaka amin'ny haba kosa ireo fitaovana ampiasaina amin'ny fitsaboana, fandidiana, nify na biby, ao amin'ny zana-tsokajy laharana 9022.21.

- **Fampitoviana amin'ny an'ny lasantsy ny haba amin'ny vokatra solika (TPP) ho an'ny « gazole » zana-tsokajy laharana 2710.19 31, avy amin'ny 228 Ar/litatra ho 503 Ar/litatra :**

Amin'izao fotoana izao, ny « gazole » dia iharan'ny TPP 228 Ar/litatra, raha 503 Ar/litatra kosa ho an'ny « supercarburant » sy ny lasantsy. Io elanelana 275 Ar/litatra io dia tombontsoa ara-ketra tsy mivantana ho an'ny solika fôsily izay mamoaka CO_2 betsaka kokoa isaky ny litatra noho ny lasantsy.

Ny fampitoviana ny TPP amin'ny « gazole » amin'ny an'ny lasantsy dia mamerina ny firindran'ny hetra amin'ny vokatra solika, manamafy ny « signal-prix » hampihenana ny fanjifana solika fôsily, ary mifanaraka amin'ny fanoloran-tena natao teo anivon'ny « Facilité pour la Résilience et la Durabilité (FRD) ». Ny TPP ampiharina ao anatin'ny APEI dia akarina mitovy amin'izany koa.

- **Fanatanterahana ny torolalan'ny OMD : fanitsiana ny « Note 12 a) 1°) 1) » ao amin'ny Toko faha-85, araka ny « Recommandation du Conseil de Coopération Douanière » tamin'ny 25 jona 2026 :**

Amin'ny maha-firenena mpikambana ao amin'ny « Convention internationale sur le Système harmonisé » azy, i Madagasikara dia tsy maintsy mampiditra ao amin'ny lazam-bidiny ireo fanitsiana atolotry ny « Conseil de Coopération Douanière ». Ny « Recommandation » tamin'ny 25 jona 2026 dia manitsy ny fanoratana ireo zana-tsokajy maromaro ao amin'ny « Nomenclature » ; ny fanitsiana ny « Note 12 a) 1°) 1) » ao amin'ny Toko faha-85 ihany no mikasika lahatsoratra efa misy ao amin'ny lazam-bidy manan-kery.

Io « Note » io dia mamaritra ny « transducteurs à semi-conducteur ». Ny fanitsiana azy dia manazava fa ny fiasan'izy ireo dia mifototra amin'ny toetra « semi-conductrices », ao anatin'izany ny toetra ara-batana, ara-elektrika, ara-tsimika ary ara-optika, ka miantoka ny fanasokajiana mitovy ireo vokatra ireo. Ireo fanitsiana hafa ao amin'ny « Recommandation » dia mikasika zana-tsokajy avy amin'ny « SH 2028 » ka horaisina rehefa ampidirina ao amin'ny lazam-bidy izany.

II.1.2.5- FIANTRAIKAN'NY FANOVANA

Ny fiantraikan'ireo fanovana ny lazam-bidy eo amin'ny fidiran-ketra dia tombanana ho + 305,69 miliara Ariary ho an'ny taona 2027, izay mitsinjara toy izao :

- + 11,97 miliara Ariary avy amin'ny famoronana taha 30% ho an'ny haban-tseranan'ny entana lafo vidy sy ny vokatra manimba ny fahasalamana ;

- + 35,80 miliara Ariary avy amin'ny fampiakarana ho 30% ny haban-tseranan'ny vokatra vita izay misy famokarana eto an-toerana, ny finday avo lenta, ny « montres intelligentes », ny « casques sans fil » ary ny « objets connectés » ;
- + 0,13 miliara Ariary avy amin'ny famerenana ny haban-tseranan'ireo fitaovana mampiasa taratra « ionisantes » tsy natao ho an'ny fitsaboana ;
- + 257,79 miliara Ariary avy amin'ny fampitoviana ny TPP amin'ny « gazole » amin'ny an'ny lasantsy, tafiditra ao anatin'izany ny TPP sy ny TVA amin'ny vokatra solika.

Tsy misy fiantraikany eo amin'ny fidiran-ketra ny fanatanterahana ny « Recommandation » an'ny OMD. Araka izany, ny totalin'ny fiantraikan'ny fanovàna ny lazam-bidy amin'ny Fadintseranana dia mitentina 305,69 miliara Ariary ho an'ny taona 2027.

Miliara Ariary

FEPETRA AMIN'NY HABAN-TSERANANA	SORA-BOLA
FEPETRA ARA-PANJAKANA :	
Famoronana taha 30% ho an'ny haban-tseranan'ny entana lafo vidy sy ny vokatra manimba ny fahasalamana	11,97
Fampiakarana ho 30% ny haban-tseranan'ny vokatra vita izay misy famokarana eto an-toerana, ny finday avo lenta, ny « montres intelligentes », ny « casques sans fil » ary ny « objets connectés »	35,80
Famerenana ny haban-tseranan'ireo fitaovana mampiasa taratra « ionisantes » tsy natao ho an'ny fitsaboana	0,13
fampitoviana ny TPP amin'ny « gazole » amin'ny an'ny lasantsy	257,79
FITAMBARANY	**305,69**

II.2- FANDANIAMBOLAM-PANJAKÀNA

II.2.1- Antonta-karama

Antonta-karama 2027 : mampifanaraka ny fanomezan-danja ny loharanon-karena miainga avy amin'ny olombelona, ny fahombiazan'ny asan'ny fanjakana ary ny faharetan'ny fahafaha-manefa eo amin'ny Tetibola

Ny antonta-karama dia iray amin'ny singa lehibe indrindra anatin'ny fandanianam-bolam-panjakana ary fanoitra tena ilaina amin'ny fanatanterahana ny politikan'ny Fanjakana. Ankoatra ny lanjany ao anatin'ny tetibola, izy dia maneho ny faneken'ny Governemanta ny fiantohana ny fitohizan'ny tolo-draharaham-panjakana, ny fampiharana ny zon'ny mpiasam-panjakana, ary ny fanetsehana ny fahaiza-manao ilaina amin'ny fanatanterahana ny laharam-pahamehana nasionaly. Ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ho an'ny Fanavaozana (PGE-R), ny famolavolana ho an'ny 2027 dia miditra amin'ny dingana fitantanana tompon'andraikitra ireo loharanon-karena miainga aamin'ny olombelona, izay mampifandray ny fanatsarana ny fepetra karama, ny fanamafisana ny fahombiazan'ny fitantanan-draharaha, ary ny fitazomana ny fifandanjana ara-bola.

Ho an'ny taona 2027, ny fandaniana ho an'ny mpiasa dia vinavinaina ho 5 397,4 miliara Ariary, izay hitombo 544,6 miliara Ariary, izany hoe 11,2%, raha oharina amin'ny sora-bola nosokafana tao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, izay 4 852,8 miliara Ariary. Ity fitomboana ity dia vokatry ny famenoana ho taona iray ireo fepetra ara-karama sy tambin-karama nomena tamin'ny 2026, indrindra ny fanatsarana ny tambi-karama ho an'ny trano fonenana ho an'ny mpiasa sivily sy miaramila, ny tambin-karama fandraisana tsaoka ho an'ny mpanabe, ary ny tambi-karama ho an'ny tandindon-doza ho an'ny mpiasa amin'ny sehatry ny Fahasalamana. Izy io ihany koa dia mandinika ny fiantraika ara-bolan'ny fandraisana mpiasa teo aloha, ny fandrosoana amin'ny "grade sy échelon", ny fiakarana sokajin'asa, ary ireo fandaniana hafa mifandraika amin’ny fivoarana anatin'ny asa ho an'ny mpiasam-panjakana.

Ny famolavolana dia mampiditra ihany koa ny fandaniana avy amin'ny fanavaozana sy fanamafisana voafaritra eo amin'ny isan'ny mpiasa, mifanaraka amin'ny laharam-pahamehan'ny governemanta sy ny filana tena fantatra ao anatin'ny fitantanan-draharaham-panjakana. Ny sora-bola mifanaraka amin'izany dia mandray ireo fandaharam-potoana fandraisana mpiasa, ny famoahana mpianatra eny amin'ireny toeram-pampianarana, ary ny daty tombanana ho fandraisana an-tsaina ny lafiny ara-bolan'ny mpiasa, mba hiantohana ny fifanarahana tsara kokoa eo amin'ny fanomezan-dalana hampiasa ireo toeran'asa sy ny loharanom-bola ilaina amin'ny famatsiana azy ireo.

Ankoatra izany, ny vinavina ho an'ny antontan-karama dia mandray ireo fepetra manokana mikendry ny fanatsarana ny fepetra ara-karama sy fanitsiana ny satan' y mpiasa sasantsasany. Nampidirina indrindra anatin'izany ny fiantraika ara-bolan'ny fampidirana miandalana ny "Employés Fonctionnaires Assimilés (EFA)" sy ny "Employés de Longue Durée (ELD)" ho asan'ny mpiasam-panjakana raikitra (fonctionnaires), manaraka ireo fepetra ara-dalàna azo ampiharina. Izy io ihany koa dia mandray ny fepetra fanitsiana ireo tambin-karama ho an'ny sokajin'ny mpiasa sasany, indrindra ao amin'ny minisiteran'ny Fitsarana, ny Asam-panjakana, ny Fanabeazam-pirenena ary ny Fampianarana teknika sy ny Fanofanana arak'asa.

Manampy ireo fandaniana ireo dia misy ny fandaniana ara-tsosialy ataon'ny Fanjakana, indrindra ireo tambin-karama mifandraika amin'ny fisotroan-dronono, ny tambin-karama ho an'ny fialan-tsasatra tsy nalaina, ny fanampiana omena ny fianakavian'ny mpiasa maty mandritra ny asa, ary ny fandraisana anjara latsakemboka amin'ny rafitra fisotroan-dronono. Ny famolavolana dia mandinika ihany koa ny sarany mifandray amin'ny fanendrena mpiasa eny anivon'ireny masoivoho, ary ny fampodiana ny mpiasa voakasik'izany noho ny fandaminana vaovao na fanesorana ny andraikitra.

Manoloana ny fivoaran'ny fandaniana ho an'ny mpiasa, ny Governemanta dia mikasa ny hanamafy ny fitantanana entanim-bina, ny fanjohiana ary ny fanaraha-maso ny antontan-karama, mba hiantohana ny fampiasana mahomby ny loharanom-bolam-panjakana. Ity dingana ity dia miorina amin'ny fifanarahana tsara kokoa eo amin'ny toeran'asa nankatoavina, ny fandraisana mpiasa tena izy, ny fifindran-toerana eo amin'ny mpiasa, ary ny sora-bola misy, ary koa amin'ny fanombanana mitohy ny fiantraika ara-bolan'ny fepetra fandraisana mpiasa, fanatsarana ary fivoarana eo amin'ny sata. Izy dia mikendry ny hisoroka ny fandaniana maharitra tsy nampoizina ary hiantoka ny faharetan'ny fanekena andraikitra eo amin'ny Fanjakana anatin'ny fotoana ivo ezaka.

Noho izany, ny politika fitantanana ny antontan-karama ho an'ny 2027 dia miditra anatin'ny vinan'ny Governemantan'ny Fanavaozana izay mikendry ny hanorina Fitantanan-draharaha mahomby kokoa, tompon'andraikitra ary manompo ireo olom-pirenena. Izy dia maneho ny sitrapo hametraka ny fandaniana ara-karama ho fitaovana fanatsarana ny kalitaon'ny tolo-draharaham-panjakana sy ny fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy, amin'ny fanambarana ny fanomezan-danja ny loharanon-karena miainga amin'ny olombelona, ny fanajana ny fanoloran-tena ara-tsosialy avy amin'ny Fanjakana, ary ny fifehezana maharitra ny volam-panjakana.

II.2.2- Kitapom-bola fisotroan-dronono :

Fanamafisana ny fahafaha-manefa eo amin’ny rafitra fisotroan-dronono an'ny Fanjakana : mirona mankany amin'ny fifandanjana ara-bola maharitra sy ny fiarovana ny zon'ny mpisotro ronono

Ny faharetan'ny rafitra fisotroan-dronono an'ny Fanjakana dia singa lehibe ho an'ny fahamafisana orina ny fitantanam-bolam-panjakana sy ny fiarovana ny zon'ny mpisotro ronono. Ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ho an'ny Fanavaozana (PGE-R), ny Governemanta dia manohy ny ezaka hikendrena ny fahamafisan'ny fifandanjana ara-bola eo amin'ny "Caisse de Retraite Civile et Militaire (CRCM)" sy ny "Caisse de Prévoyance et de Retraite (CPR)", sady miantoka ny fitohizan'ny fandoavana ny fisotroan-dronono ary mametra tsikelikely ny fiankinan'ireo rafitra ireo amin'ny famindrana vola avy amin'ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana mba entina handrakofana ny tsy fahampiana.

Ho an'ny taom-piasana 2027, ny vinavina manambatra ireo kitapom-bola roa ireo dia mampiseho vola miditra 742,2 miliara Ariary, manoloana ny fandaniana tombanana ho 1 190,6 miliara Ariary, izany hoe taham-pandrakofana ny fandaniana avy amin'ny vola miditra 62,3%. Ny tetibola famenony ilaina dia mitentina 448,4 miliara Ariary, izay maneho fihenana 11,4 miliara Ariary, izany hoe 2,5% raha oharina amin’ny vola fameno 459,8 miliara Ariary novinavinaina tamin’ny taona 2026. Ity fihatsarana somary antonony ity dia vokatra nentin’ny fanatsarana ireo karama izay nomena tamin’ny taona 2026 teo amin’ny vola miditra avy amin’ny latsakemboka, na io ho an’ny mpiasa tsirairay na ho an’ny mpampiasa, sy noho ny fitomboan’ny isan’ny mpandoa latsakemboka izay avy amin’ny politika fandraisana mpiasa vaovao. Ireo antony ireo dia nandray anjara tamin’ny fampihenana ny tsy fifandanjana ara-bola teo amin’ireo kitapom-bolan’ny fisotroan-dronono, na dia teo aza ireo tsindry nahazo teo amin’ny fandaniana noho ny fitomboan’ny isan’ny mpandray fisotroan-dronono sy ny fanekena noraisina momba ny fandoavana izany.

Ity fivoarana tsara ity dia miaraka amin'ny fanatsarana kely ny taha cotisant/retraité, izay niainga avy any amin'ny 1,65 tamin'ny 2026 ho 1,69 amin'ny 2027, noho ny fivoarana tombanana eo amin'ny isan'ny cotisant ho 5,90%, izay ambony noho ny an'ny pensionné, izay tombanana ho 3,02%. Na izany aza, na dia misy aza ity fanatsarana ity, ny rafitra fisotroan-dronono eo amin'ny fanjakana dia mbola miatrika tsy fifandanjana ara-drafitra, indrindra eo amin'ny CRCM, izay isian'ny tsy fahampiana mitohy na dia misy aza ny fifamenoana eo amin'ny fifandanjana ifanaovan'ireo kitapom-bola roa. Ny taha cotisant/retraité araka izany dia mbola ambany lavitra miohatra amin'ny fenitra 3,5 voatazona anatin'ny

foto-kevitra fifandanjana ho an'ny rafitra "par répartition". Ity toe-javatra ity dia vokatry ny fiantraika maharitra ny fampiatoana ny fandraisana mpiasa tany amin'ny taona 1990 sy ny fihisaran'ny fandraisana mpiasa nandritra ny folo taona manaraka, izay nametra ny fanavaozana ny mpandoa latsakemboka, ny fahanteran'ny mpiasa, ny faharetan'ny fahamaroan'ny mpiasa mizotra amin'ny fisotroan-dronono, ary ny fivoarana ara-demografika izay isehoan'ny fihatsaran'ny androm-piainana, izay mety hampitombo ny faharetan'ny fotoana fandoavana fisotroan-dronono.

Raha ny fampihenana ny filana famenoana novinavinaina ho an'ny 2027 no singa fanatsarana ny toetra ara-bola eo amin'ireo kitapom-bola, ny vokatra entiny dia mitoetra ho voafetra manoloana ireo tsy fahampiana izay mitoetra maharitra ao anatin’ny rafitra fisotroan-dronono. Ireo vola miditra dia tsy ahafahana manefa afa-tsy ny 62%-n’ireo fandaniana novinavinaina, ny famatsiana ireo fisotroan-dronono dia mila hatrany ny fanampiana ara-bola goavana avy amin’ny Fanjakana. Ny famerenana ho maharitra ny fifandanjana ara-bola dia mitaky, noho izany, ny fanohizana ny fanavaozana ara-drafitra sy ny fanatsarana ny fitantanana ny loharanon-kery sy ireo fandaniana eo amin'ny rafitra fisotroan-dronono, mba hampihena tsikelikely ny tsy fahampiana ara-drafitra sy ny fiankinana amin'ny famatsiam-bola ataon'ny Fanjakana.

Manoloana ireo olana ireo, ny Governemanta dia mikasa ny hanohy ao anatin'ny taona 2027 ny fanatanterahana ny fanavaozana ny rafitra araka ny lalàna sy fitsipika ho an'ny rafitra fisotroan-dronono, mba hampifanaraka tsikelikely ny fandehanany amin'ny fivoarana ara-demografika, ara-pitantanana ary ara-bola. Ity dingana ity dia hiray zotra amin'ny fanamafisana ny fitantanana sy ny fanaraha-maso anatiny, ny fanamafisana ny angon-drakitra mifandraika amin'ny mpikambana sy mpandray fisotroan-dronono, ny fanatsarana ny fanangonana sy fanaraha-maso ny latsakemboka, ary ny fanavaozana sy fampidirana anaty tontolo ara-kajy mirindra ny fomba fitantanana. Hojerena manokana ihany koa ny fanadiovana tsikelikely ny kaonty fiandry eo anivon’ny Tahirim-bolam-panjakana mba hanefana ireo latsakemboka miandry ny fepetra ho raisina momba azy, mba hahafahana mahatoky ireo vola miditra sy mandray anjara amin’ny fampihenana ny fatiantoka eo amin’ny rafitra fisotroan-dronono. Ny fanamafisana ireo fanaraha-maso ireo zo mahakasika ny fisotroan-dronono, ny fanitsiana ireo tsy mety mahakasika ny angon-drakitra ara-pitantanana sy ara-bolan’ireo mpikambana, ary ny fanatsarana ny fanjohiana ireo fanekena noraisin’ireo mpampiasa dia handray anjara ihany koa amin’ny fanatsarana manaraka ny tokony ho izy ny fanetsehana ireo loharanon-kery, hifehezana ireo fandaniana ary hanamafisana ny fahombiazan’ny fitantanana ireo kitapom-bola.

Amin'ny alalan'ireo fepetra ireo, ny Governemantan'ny Fanavaozana dia mikasa ny hampiditra ny fitantanana ny rafitra fisotroan-dronono amin'ny fomba fijery entina hampaharetana ny lafiny ara-bola amin'ny fotoana ivo sy lavitra ezaka, amin'ny fanambarana ny fitahirizana ny zo azon'ny olona, ny fiarovana ny fandoavana ny fisotroan-dronono, ary ny fifehezana ny fandaniana izay sahanin'ny Tetibola ankapoben'ny Fanjakana. Ny tanjona dia ny hanamafy tsikelikely ny rafitra fisotroan-dronono mba ho azo itokisana kokoa, ara-drariny ary maharitra, afaka manaja ny fanekena noraisiny ho amin'ny mpisotro ronono nefa mikendry ny fifandanjana eo amin'ny fitantanam-bolam-panjakana.

II.2.3- Fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha

Ny tetibola mikasika ny fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaha dia mifanaraka amin'ireo sori-dàlana voafaritra ao amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ho amin'ny Fanavaozana ifotony (PGE-R) sy ny Drafitra Fanatanterahana izany (PMO), sady manaja ny fepetra sy ny fetra ara-toekarena ankapobeny ary ara-tetibola ao anatin'ny fe-potoana antonony. Izany dia mifantoka indrindra amin'ireto laharam-pahamehana manaraka ireto :

- **Fanohizana ny fanapariaham-pahefana sy ny fitsinjaram-pahefana ara-bola** eo amin'ny tetibolam-panjakana : fanamafisana ny fandraisana an-tanana ny filàn'ny faritra sy ny sampan-draharaham-panjakana eny anivon'ny faritra ;
- **Fanomanana sy fikarakarana ny fifidianana amin'ny taona 2027 :** fandinihana ny filàna mifandraika amin'ny fanatanterahana ny fitsapan-kevi-bahoaka sy ny fifidianana Filoham-pirenena ;
- **Fanajana ny andraikitra ara-bola noraisin'ny Fanjakana :** fandraisana an-tanana ireo fandaniana tsy maintsy tanterahina sy ireo adidy voamarina ara-dalàna, ary ny fanefana ireo trosa sy adidy ara-bola mbola tsy voaloa mifandraika amin'ny IPPS sy ny GPM ;
- **Fanohanana ny fandaharan'asa momba ny fiampitana ho amin'ny angovo madio sy ny tolotra fototra ilain'ny mponina :** fametrahana ny famatsiam-bola ilaina amin'ny famenoana ny tahirim-bolan'ny fisotroan-dronono, ny fanampiana ara-bola ho an'ny fandaniana amin'ny fampandehanan-draharahan'ny JIRAMA, ary ny fandoavana ny ambim-bola vokatry ny rafitra fanalefahana ny fiovaovan'ny vidin'entana na ny fandaniana (solde de lissage) ;
- **Fifehezana ny fandaniana ataon'ny Fanjakana :** fanitsiana ny vinavinan'ny fandaniana hifanaraka amin'ny loharanom-bola misy sy ny fametrahana fepetra mifehy ny fandraisana andraikitra ara-bola, mba hiarovana ny fifandanjana ara-tetibola.

II.2.4- Fandaniana ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana

Ny Fampiasam-bolam-panjakana dia fitaovana lehibe entina manatanteraka ireo politikam-panjakana, miantsoroka ny fitomboan'ny toekarena, mampihena ny fahasamihafana isam-paritra ary manatsara maharitra ny fari-piainan'ny mponina. Ao anatin'ny toe-draharaha hianjadian'ny fahasahiranana ara-tetibola maharitra, dia marobe ireo filàna fotodrafitrasa sy raharaham-panjakana, ary koa ny tsy maintsy hitandroana ny fifandanjana ara-toekarena amin'ny ankapobeny sy ara-tetibola, ny hitantanana ireo tetikasam-pampiasam-bolam-panjakana manaraka lojikam-pifantenana, ny fahombiazany, ny fahafaha-miantsoroka azy, ary ny tamberin'andraikiny. Izany dia mamaly ihany koa ireo zava-kendrena amin'ny fanomezana aina indray ny toekarena, ny fanovàna ara-drafitra ny toekarena, ny fahafaha-miatrika ny toetrandro ary ny fampandrosoana isam-paritra tsy mitanila izay voafaritra ho isan'ireo laharam-pahamehana ao amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ho an'ny Fanavaozana sy ny Drafitra fanatanterahana izany.

- **Fampiasam-bola izay misy fiatraikany mafonja eo amin'ny fiarahamonina sy ny toekarena**

Ireo tetikasa mikasika ny fampidiran-drano fisotro, ny fahasalamana, ny fampianarana ary ny sakafo dia voasokajy ho amin'ireo fampiasam-bola laharam-pahamehana. Ireo fampiasam-bola ireo dia mamaly mivantana ny filana fototry ny mponina ary mandray anjara amin'ny fanatsarana ny maha-olona, amin'ny maha-hery enti-mamokatra azy, izay fepetra tsy maintsy fenoina ho an'ny fampandrosoana maharitra.

Amin'ireo tetikasa ireo dia ahitana ireo asa fampidiran-drano fisotro madio, ny fandavahana vovo miaraka amin'ny fitaovana fanadiovan-drano amin'ny alalan'ny herin'ny masoandro, ireo tetika fanamafisana ireo famatsiana rano fisotro any amin'ireo kaominina ambanivohitra sy andrenivohitra, ary koa ireo fandaharanasa fanarenana ireo fotodrafitrasa momba ny rano. Toy izany koa, ireo tetikasa fananganana sy fampitaovana foibem-pahasalamana fototra, hopitaly, Fandaharanasa mivelatra momba ny fanaovam-bakisiny, ny fanomezana fanafody sy akora fanabeazana aizana ary koa ireo hetsika momba ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo dia nojerena manokana.

Ireo tetikasa ireo dia ahitana fiantraikany mivantana amin'ny fahasalamam-bahoaka, mampihena ny fahasamihafana isam-paritra ary ny fahafahan'ny mponina mamokatra.

- **Fampiasam-bolam-panjakana mitondra fampandrosoana**

  - **Ny fotodrafitrasa ara-toekarena fototra**

Ity laharam-pahamehana ity dia mahakasika ny fotodrafitrasa momba ny fitaterana, ny angovo ary ny fitarihan-drano izay manohana mivantana ny fitomboana ara-toekarena sy ny fampifandraisana sy fampandrosoana ny faritra rehetra eto amin'ny Firenena.

Ity sokajy ity dia ahitana indrindra ny asa fananganana ny lalam-be mikodana Antananarivo-Toamasina, ny fanarenana sy fikojakojana ny lalam-pirenena (RN6, RN7, RN8, RN13, RN27), ny fametahana asfalta amin'ny lalana stratejika maromaro, ny fanarenana ny lalamby Fianarantsoa Morontsiraka – Atsinanana ary koa ny tetikasa fanoloana ny tetezana vonjimaika ho tetezana maharitra. Ahitana koa ny tetikasa momba ny angovo toy ny fananganana tobim-pamokarana herinaratra avy amin'ny masoandro ho an'ny JIRAMA, ny rafitra fitehirizana angovo amin'ny vatoaratra (BESS) ary koa ny fandaharanasa fanitarana ny tambajotra herinaratra.

Ireo fampiasam-bola ireo dia manamora ny fivezivezen'ny olona sy ny entana, mampihena ny sarany fampitaovana, manatsara ny fisitrahana herinaratra ary mamorona tontolo tsara ho an'ny fampandrosoana ny sehatra tsy miankina.

  - **Ny tetikasa fampandrosoana mamokatra sy famoronana harena**

Ny fampiasam-bola natao hampitombo ny famokarana ara-pambolena, ara-panjonoana, ara-pitrandrahana harena an-kibon'ny tany ary ara-indostrialy no mitana ny toerana fahatelo amin'ireo laharam-pahamehana. Ity sokajy ity dia ahitana indrindra ny tetikasa fanajariana tanimbary, fanarenana ny faritra misy fitarihan-drano, fampiroboroboana sy fampandrosoana ny fambolena vary, famelomana indray ny fiompiana anaty rano, fanavaozana ny jono an-dranomasina, fampandrosoana ny sehatry ny

etanola ampiasaina ho solika, fanomezan-danja ara-toekarena ny rafia ary koa ny fandraisana andraikitra amin'ny fandrafetana ny sehatry ny volamena. Ahitana koa ny tetikasa fanamafisana ny fifaninanana eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ny fampiroboroboana ny fanondranana.

Ireo fampiasam-bola ireo dia mandray anjara amin'ny fahampiana ara-tsakafo, amin'ny famoronana asa, amin'ny fitomboan'ny fidiram-bolan'ny tokantrano ary amin'ny fanatsarana ny fifandanjan'ny varotra ivelany.

- **Fampiasam-bola Tohana : fampandehanana ny asa fitantanana sy ny fanomezana tolotra ho an'ny daholobe**

  - **Fanavaozana ny Fanjakana sy ny fanovana ara-nomerika**

Ny fanovana ara-nomerika sy ny fanavaozana ny fitantanana dia lalana ara-tratejika iray izay ahafahana manatsara ny fahombiazan'ny tolotra ho an'ny daholobe, ho an'ny fangaraharana ary koa ho an'ny kalitaon'ny fitantanan-draharaha.

Anisan'ireo tetikasa laharam-pahamehana ny fanavaozana ny sampan-draharahan'ny fananan-tany, ny fitsinjaram-pahefana momba ny fananan-tany, ny fanantontana titra tany, ny fanavaozana sy fialana amin'ny fampiasana taratasy amin'ny raharaham-panjakana, ny tetikasa "Datacenter Cloud National de Madagascar", ny fanovana ara-nomerika ny asam-panjakana, ny fanatanterahana rafitra nomerika isan-tsehatr'asa, ary koa ny fanamafisana ny rafitra fampahalalana ireo andrim-panjakana.

Ireo tetikasa ireo dia manampy amin'ny fampihenana ny fandaniana ara-pitantanana, manatsara ny fiarovana araka ny lalàna ny fampiasam-bola, ary koa manamafy ny fahatokisan'ny olom-pirenena sy ny mpampiasa vola.

  - **Ny Fiarovana, ny fitantanana vondrom-paritra, ary ireo fotodrafitrasan'ny andrim-panjakana**

Ny fampiasam-bola mifandraika amin'ny filaminam-bahoaka, amin' ny rafi-pitsarana, sy ny fanamafisana ny andrim-panjakana dia hampiharina mba hiorim-paka ny fahefam-panjakana ary koa mba hiantohana tontolo mifanaraka tsara amin'ny fampandrosoana.

Ity sokajy ity dia ahitana ireo tetikasa ho an'ny fananganana sy fanarenana ireo Komisaria, tobin'ny mpitandro filaminana, ireo fotodrafitrasan'ny zandarimariam-pirenena, ho an'ny ny fitsarana ; ary koa fanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny fitandroana ny filaminana amin'ny alàlan'ny teknolojia vaovao, ary koa ny fotodrafitrasa ara-pitantanana natokana ho an'ireo minisitera sy vondrom-paritra.

II.3- TONTOLON'NY TROSAM-PANJAKANA

TROSA IVELANY

Vinavinaina ho 1 702,2 miliara Ariary ny fitambaran’ny vola ho efaina ato amin’ny Volavolan-dalàna mifehy ny teti-bolam-panjakana 2027. Ny 1 399,8 miliara Ariary amin’ izany no renivola ary mitotaly 302,4 miliara Ariary kosa ny zanabola.

Raha mahakasika ny famoaham-bola ho an’ireo tetik’asa kosa indray dia heverina ho 4 775,5 miliara Ariary izany ho an’ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 raha toa ka noeritreretina ho 3 756,1 miliara Ariary izany ho amin’ny Volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2027. Ireo fanampiana ara-tetibola sy ireo fampindramam-bola ho an’ny fandaharan’asa dia mitentina 554,0 miliara Ariary sy 475,0 miliara Ariary.

TROSA ANATINY

Ny tamberim-bidy aloa amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2027 dia tombanana ho 554,27 miliara Ariary. Ny salan'ny tahan-janabola ankapobeny omena amin'ireo taratasim-bola navoakan'ny Tahirim-bolam-panjakana dia tombanana ho 12,97%.

II.4- KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Ny totalin'ny vola natokana ho an'ny fandaniana amin'ny fampindramam-bola sy ny fampindramam-bola miampita voasoratra ao amin'ny LF 2027 dia tafakatra 72,3 miliara Ariary. Izany dia mikasika indrindra ireo fampindramam-bola ho an'ny NEHO / PHP, Siranala, Air Madagascar ary Kianjan’i Barea. Raha ny momba ny fampitana fampindramam-bola kosa dia mahatratra 385,85 miliara Ariary ka ny 148,54 miliara Ariary amin'izany dia ho an'ny SPAT momba ny tetikasa fanitarana ny seranan-tsambon'i Toamasina ; 205,85 miliara Ariary fanampiny ho an'ny SPAT ihany momba ny famatsiam-bola fanampiny amin'ny Tetikasa fanitarana ny Seranan-tsambon'i Toamasina ; ary 31,46 miliara Ariary ho an'ny JIRAMA ao anatin'ny tetikasa « JIRAMA ANDEKALEKA HYDRO EXPANSION ».

Ny fandoavana vola ho an'ny fandraisana anjaran’ny fanjakana amin’ny orinasa dia mitotaly ho 264,6 miliara Ariary ka 182,6 miliara ho an'ny fandraisana anjara amin'ireo orinasa eto an-toerana ary 71,5 miliara Ariary ho an'ireo rantsana iraisam-pirenena. Etsy andaniny kosa, ny kitapom-bolan'ny fisotroan-dronono dia mifandanja eo amin'ny 1 190,6 miliara Ariary na amin'ny vola miditra na amin'ny vola mivoaka.

II.5- VOLA VIDIN'ENTANA FANOMEZANA

Ny vola miditra azo avy amin'ny vidin'ny fanomenoana indray dia tombanana ho 0,7 miliara Ariary an'ny taona 2027. Ny fandaniana amin'ny fampiasambola kosa dia vinavinaina hahatratra 4,7 miliara Ariary.

II.6- MOMBA NY RENIVOLAN'NY TROSAM-PANJAKANA

Ny fanentsemana ny fatiantoka anatiny ara-tetibolan'ny Fanjakana dia hotanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 2 096,50 miliara Ariary ny vola andrandraina hiditra raha toa ka 1 902,50 miliara ny hivoaka amin'ireo. Noho izany dia hitombo 194,00 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2027.

Ankoatr'izay ny tahirimbolam-panjakana dia hanao avansy amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Toy izany no antonanton'izao volavolan-dalàna izao.

NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

Herinjatovo RAMIARISON

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-050/2026
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO AMIN'NY TAONA 2027

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-050/2026
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO AMIN'NY TAONA 2027

I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2027.

ANDININY FAHA-2

FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY HETRA (CDI) SY NY FEHEZAN-DALÀNA AMIN'NY PAIKA ARAHINA ARA-KETRA (CPF)

ANDININY FAHA 2.1
FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY HETRA

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

FIZARANA VOALOHANY
HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY

LOHATENY I
HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA

ZANA-DOHATENY I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)

TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA

SOKAJY III
FAMARITANA NY FARITANY AMPIHARANA NY HETRA

Andininy 01.01.04.-

Ampiana 6° izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

"6° Ny vola miditra amin'ny endriny rehetra azon'ny mpisahan-draharaha avy any ivelany, rehefa zakain'ny olona monina eto an-toerana na toeram-piasana raikitra eto Madagasikara izany, na dia any ivelany aza no nanatanterahana ny asa na an'habaka".

TOKO IV
FOTOTRA AMERANA NY HETRA

Andininy 01.01.10.-

[…]

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 1° amin'ity andininy ity :

1°Ireo fividianana entana nolaniana, ny raharaha tany ivelany, sy ireo raharaha hafa tany ivelany, ny fizakana ny mpiasa sy ireo fandaniana amin'ny raharaha andavanandro, ary koa ireo fividianana entana sy raharaha mikasika ireo voalaza ao amin'ny andininy 01.01.05-II sy **01.02.02-II** izay nanaovana fitanana ifotony sy nandrotsahana Hetra amin'ny vola miditra […]

[…]

Tsy azo ekena ny fanesorana :

- […]

- Ny **60 isan-jato**n'ny elanelana amin'ny totalin'ny tombontsoa ara-pitaovana sy ny sandan'izany tombontsoa izany nampidirina amin'ny fototra amerana ny IRSA.

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha - 7, faha -11 ary faha - 12 ao amin'ny 1° amin'ity andininy ity :

«- Ny zanabola, ny trosa tsy voaloa sy ireo vokatra hafa amin'ny andraikitra, ny trosa, ny petra-bola na fanaovana antoka, ny tamberim-bidy, ireo sara amin'ny fivarotana na fanomezana fahazoan-dalana hitrandraka, ny fanamarinanana famoronana, ny marika famantarana, ny fomba fiasa na raiki-pohy sy ny zo mifanahaka aminy na valisoa amin'ny raharaha, naloa na tokony aloan'ny olon-tsotra na fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra monina na miorina eto Madagasikara amin'ny olon-tsotra na fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra monina na miorina any amin'ny firenen-kafa na faritra ivelan'i Madagasikara ary mahazo tombontsoa manokana amin'ny fitsipika ara-ketra araka ny voalazan'ny andininy **01.01.13.IV.8°.**"

[…]

" - ireo fandaniana amin'ny hofantrano ka ny fifanaraham-panofana mifandraika aminy raha tsy noraiketina sy/na tsy nisy fakitiora ara-dalàna **mifanaraka amin'ireo fepetra voalazan'ny andininy IV-21 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paika arahina ara-ketra."**

" - Ireo fividianana entana na raharaha **indray mandeha** tamin'ny mpamatsy entana tsy manana laharam-pamantarana araka ny fepetr'ireo andininy I-01 sy I-02 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra **ka ny sandany dia mihoatra na mira Ar 500 000**.**Toa izany koa amin'ireo fifanakalozana mahatratra Ar 20 000 000 ny fitambarany mandritry ny taona. Ho an'ireo fifanakalozana latsak'io fetra io, ny fanesoran-ketra dia miankina amin'ny fandrotsahana ny hetra tambatra notanana ifotony izay voalaza amin'ity andininy ity.**

c) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 4° amin'ity andininy ity:

4° Ny zana-bola naloa tamin'olon-kafa. Na izany aza, ny zana-bola nomena ny mpiombon'antoka **na ny orinasa heverina fa misy ifandraisany**, noho ny vola narotsany tao amin'ny kitapom-bola iraisana ambonin'izay anjarany amin'ny renivola, raha toa ka efa voarotsaka avokoa izany, ny zan-bola azo esorina dia voafetra amin'izay mifanaraka amin'ny fandraisana vola tsy mihoatry ny avo roa heny amin'ny renivola amin'ny taha faritan'ny Banky Foiben'i Madagasikara tataovana isa roa na, **ho an'ireo findramana vola vahiny, amin'ny tahan'ny tsenan'ny vola vahiny anatin'ny fe-potoana mitovy, tataovana teboka roa. Ireo famerana ireo dia mihatra ihany koa amin'ireo zana-bola arotsaka amin'ny orinasa tsy mpiombon'antoka kanefa anatin'ny vondrona iray ihany.**

Ho an'ireo orinasa nahazo fankatoavana tamin'ny Lalàna mikasika ny Fampandrosoana ny Indostria, ny zana-bola azo esorina dia voafetra amin'ny tahan'ny trosa manontolo amin'ny renivola ho 3 amin'ny 1 miaraka amin'ny taha mitovy amin'ny teo aloha.

Ho an'ireo orinasa mpampindram-bola, ireo orinasa mikirakira vola ara-elektrônika sy ireo orinasam-piantohana sy famindram-piantohana izay eo ambany fanaraha-mason'ny

Vaomierampanara-mason'ny banky sy ny fanjariam-bola, ireo zana-bola azo esorina dia voafetran'ny taha voalaza etsy ambony, tsy misy famerana mifandraika amin'ny renivola.

Na inona antony, ny raharaha ara-bola ao anatin'ny vondrona na amin'ny kaonty kirakiran'ny mpiombon'antoka dia tsy maintsy voarakitra amin'ny fifanarahana izay tsy maintsy voasoratra am-boky, sy vita fitanan-kaonty ara-potoana, miaraka amin'ny fitanana an-tsoratra nankatoavin'ny fivoriam-be mifanaraka amin'ny fepetr'ireo andininy 376 sy 377 ny lalàna laharana faha 2003-036 tamin'ny 30 janoary 2004 mikasika ireo orinasa ara-barotra

Ankoatr'izany, ireo vatsim-bola ao anatin'ny vondrona na amin'ny kaonty kirakira vita fitanan-kaonty ara-potoana amin'ny telovolana, natao hamatsiana ireo fandaniana ataon'ny orinasa, dia azo atambatra amin'ny fifanarahana iray.

Ho an'ireo orinasa an'olon-tokana, tsy azo esorina ny zanaky ny renivola napetraky ny tompon-draharaha na ny vadiny.

d) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny d) amin'ny 7° amin'ity andininy ity:

d) "**7° Nofoanana"**

e) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 6° sy ny 10° amin'ity andininy ity:

" 6° Nofoanana"

" 10° Nofoanana"

Foronina ny andininy vaovao 01.01.10 bis izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

Andininy 01.01.10 bis. -

" I- Ireo zana-bola sy sara ara-bola afa-karatsaka aloa amin'ireo orinasa araka ny 9° ny IV amin'ny andininy 01.01.13 dia tsy mahazo fanalana ara-ketra mihoatry ny 20 isan-jaton'ny l'Earnings Before Interest, Taxes, Depreciation, and Amortization na EBITDA ara-ketra amin'ny taom-piasana.

II - Ny EBITDA ara-ketra dia ny vokatry ny asa na sisa anelanelany V ny kaontim-bokatra amin'ny Drafi-pitanan-kaonty 2005, ampiana ireo fihenan-tsanda amin'ny fanavotam-bidy sy ireo trosa tsy voaloa niverenana, ivelan'ny tombon-tsanda sy ny fatiantoka amin'ny fivarotana fananana. Raha tsy misy na miiba izany, dia tsy misy zana-bola afa-karatsaka aloa amin'ireo orinasa voakasik'izany mahazo fanesoran-ketra mandritry ny taom-piasana.

III- Ireo zana-bola sy sara ara-bola afa-karatsaka dia ny zana-bola, vola natao antoka sy ny sara amin'ny fikarakarana ny findramam-bola ary ny fatiantoka amin'ny fifanakalozam-bola vahiny amin'ireo fampindramam-bola omena ireo orinasa voakasik'izany, analana ireo zana-bola voaray sy ny tombony amin'ny fifanakalozam-bola vahiny amin'ireo fampindramam-bola ireo.

IV- Ny findramam-bola neken'olon-kafa dia heverina ho findramam-bola ataon'ny orinasa voakasik'izany raha toa ka iantohan'ilay orinasa ny famerenana izany na nametraka vola mitovy lanja amin'izany any amin'ny mpampindrana izy.

V- Ity andininy ity dia ampiharina amin'ireo zana-bola ekena amin'ny fanesoran-ketra aorian'ny fampiharana ny andininy 01.01.13 sy ny 4° amin'ny andininy 01.01.10.

VII- "Ity andininy ity dia tsy ampiharina amin'ireo orinasa mpampindram-bola, amin'ireo orinasa mpikirakira vola elektronika na amin'ireo orinasam-piantohana sy famindram-piantohana eo ambanin'ny fanaraha-mason'ny Vaomiera mpanara-mason'ny Banky sy ny Fanjariam-bola."

TOKO VII
FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.01.14.-

a) Ampiana paragirafy vaovao mirija toy izao amin'ny faran'ny I-A amin'ity andininy ity:

"Ho an'ireo olona voalaza amin'ny andininy 01.01.05 VII amin'ity Fehezan-dalàna ity dia ampiharina vola fandoa farafahakeliny Ar 20 000. Io vola fandoa farafahakeliny io dia mitombo ho Ar 100 000 + 1 isan-jaton'ny vola maty raha toa ka manao asa manana endrika fitadiavam-bola.

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny II-A- ao amin'ity andininy ity :

II- […]

"A. Ny saran'ny vola naloa tamin'ireo olon-tsotra, orinasa, na fikambanana hafa mizaka ny zo aman'andraikitra tsy manana fiorenana raikitra eto Madagasikara na manana nefa tsy azo ampitoviana amin'ny toeram-piasana raikitra, ho sandan'ny fanaovan-draharaha isan-karazany **voafaritra ao amin'ny 5° sy 6° amin'ny andininy 01.01.04 amin'ity Fehezan-dalàna ity.**

Ny hetra dia zakain'ny mpisahan'asa vahiny misitraka ny vola miditra. Tanana sy arotsaka any amin'ny Mpandray volan'ny hetra ara-paritra mahefa izany, ny mpisolontena nahazo fankatoavana avy amin'ny Minisitera miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra no manatanteraka izany, izay manaja ireo andraikitra ho an'ny mpandoa hetra manan-draharaha eto Madagasikara, alohan'ny faha-15 ny volana manaraka nanaovana ny fitanana.

Raha tsy misy ny mpisolontena**, ny olona izay nizaka ny fandoavam-bola** no tsy maintsy manao ny fitanana ifotony sy ny fandrotsahana io hetra io, ao anatin'ny fe-potoana mitovy**. Ny sazy mifanaraka amin'izany dia zakain'izay nanao ny fitanana ifotony, raha misy izany.**

Na izany aza, ireo olona ireo dia iharan'ireo fepetry ny andininy 01.01.44 sy ny manaraka ho an'ireo asa momba ny tsena.

Ho an'ny fifanarahana izay sady mahakasika ny entana sy ireo raharaha, ny fitanana dia atao amin'izay mahakasika ny raharaha ihany, raha toa ity farany ka nanaovana fakitiora misaraka.

Ny olona manao ny fitanana dia manome taratasy fanamarinana izany fitanana izany amin'ny mpisahan'asa.

Ny taha miiba na fanafahana ara-ketra voafaritra ao amin'ny fifanarahana ara-ketra dia tsy mihatra raha tsy misy ny taratasy fanamarinana ny fonenan'ny mpisahan'asa, izay nomen'ny Fanjakana ankilany."

c) Ampiana paragirafy vaovao mirija toy izao amin'ny faran'ny D amin'ny II amin'ity andininy ity:

"**Ho fampiharana ny A, B ary C amin'ny II momba ity andininy ity, heverina ho toy ny voaloa na voarotsaka amin'ny mpisitraka tsy monina ireo vola raha toa ny trosa mifanaraka amin'izany ka efa tsy manan-kery, amin'ny ampahany na izy manontolo, na amin'ny fomba inona nandoavana izany, anisan'izany ny fanonerana amin'ny trosan'ny mpisitraka na amin'ny orinasa izay mifandray aminy.**

Toy izany ihany koa ohatra ho an'ny olona monina eto, izay mitazona ampahany na manontolo, ireo vola tokony aloa amin'ny mpisitraka tsy monina mba hanefana ireo vesatra na fandaniana izay tokony vatsiana na aloan'ity farany, na tokony honerana aminy, ny fanefana tanteraka ireo vola ireo dia araka ny ambim-bola misy.

Amin'izany tranga izany, ny fitanana dia atao amin'ireo vola ireo, tsy afa-karatsaka. Izany dia atao sy arotsaka araka ireo fepetra sy fe-potoana voalazan'ity andininy ity."

TOKO VIII
FANDOAVANA NY HETRA
VOLA AROTSAKA MIALOHA

Andininy 01.01.15.-

Ampiana paragirafy vaovao mirija toy izao aorian'ny paragirafy faha-5 amin'ity andininy ity:

"Ireo olona voalaza amin'ny 01.01.05 VII amin'ity Fehezan-dalàna ity dia tsy maintsy mandoa ny vola arotsaka mialoha Ar 20 000 amin'ny fepetra fananganana orinasa. Na izany aza, ireo fikambanana ireo dia afaka tsy mandoa io vola arotsaka mialoha miverimberina araka io ity andininy ity raha toa ka tsy manao asa hafa itadiavam-bola."

TOKO X
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Foronina Andininy vaovao 01.01.20 bis mirija toy izao amin'ny farany andininy amin'ity toko ity:

Andininy 01.01.20 bis. –

"Ny mpandoa hetra rehetra iharan'ny adidy amin'ny famoahana faktiora elektrônika dia afaka mampiasa rindrambaiko na rafitra fampahalalam-baovao an'olon-kafa novolavolaina na natolotry ny mpamorona rindrambaiko na mpamatsy tolotra tsy miankina.

Ireo rindrambaiko, vahaolana ara-kajimirindra ary sehatra elektrônika an'olon-kafa momba ny e-Facturation dia tsy maintsy mahazo fankatoavana ara-teknika sy ara-piasana mialoha avy amin'ny Foibem-pitantanan-draharahan'ny hetra, manome antoka ny fanarahan-dalàna, ny fiarovana ary ny fifandraisana ara-teknikan'izy ireo amin'ny sehatra foiben'ny Foibem-pitantanan-draharaha.

Ny fepetra fampiharana ity andininy ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika."

LOHATENY II
HETRA TAMBATRA

TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA

SOKAJY I
OLONA IHARAN'NY HETRA

Andininy 01.02.02.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny II amin'ity andininy ity:

II- Iharan'ny hetra tambatra ihany koa, ireo olona tsy voasoratra anarana araka ny fepetra amin'ny andininy I-01 sy I-02 ao amin'ny Fehezan-dalana amin'ny paika arahina ara-ketra, izay misehatra amin'ny asa fivarotana zavatra na fisahanan-draharaha amin'ny olon-tsotra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra izay voasoratra anarana raha toa ny fifanakalozana ka latsaky ny 500 000 Ariary. Toy izany ihany koa ho an'ireo fifanakalozana mahatratra 20 000 000 Ariary ny fitambaran'ny vola isan-taona ho an'ny mpamatsy entana na mpisahan'asa iray.

TOKO III
FOTOTRA FAMERANA

SOKAJY I
FOTOTRA AMERANA

Andininy 01.02.04 -

Ampidirana paragirafy vaovao mirija toy izao aorian'ny paragirafy faharoa amin'ity andininy ity:

"Ho an'ireo olona voalaza amin'ny andininy 01.02.02.II, ny fototra amerana dia voafaritra amin'ny entana sy/na ny tolotra."

SOKAJY II
FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.02.05 bis.-

Mahazo fampihenan-ketra 2 isan-jato ireto vesatra voalaza manaraka ireto :

(...)

Ampidirana tsipika faharoa mirija toy izao aorian'ny tsipika voalohany amin'ity andininy ity:

"Ny fividianana entana sy raharaha mikasika ny asa voafaritra ao amin'ny andininy 01.02.02–II izay efa nanaovana fitanana ifotony amin'ny hetra tambatra."

TOKO IV
FAMORIANA

Andininy 01.02.06.-

Ovàna toy izao ny rijan-teny 1° n'ny paragirafy 2 amin'ity andininy ity:

1° **Ar 20 000** ho an'ny :

- Mpamboly ;
- Mpiompy ;
- Mpanjono ;
- Mpitrandraka harena an-kibon'ny tany madinika ;
- Mpitatitra mampiasa fiara tsy misy motera (sarety, posy, lakana sy ny sisa…)

Andininy 01.02.07.bis –

(...)

Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ny paragirafy faha-2 amin'ity andininy ity:

Ho an'ireo olona voakasiky ny andininy 01.02.02. II, ny hetra dia kajiana ary tanan'ireo olon-tsotra na mizaka zo manana laharan-ketra ifotony, izay miantoka ny fandrotsahana izany ao amin'ny mpandray volan'ny hetra eny anivon'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra misahana ny fitantanana ny antontan-taratasin-ketrany, alohan'ny faha 15 ny volana manaraka ny fitanana izany. Ny fanambarana dia apetraka sy hamarinina amin'ny alalan'ny rafitra an-tserasera misahana izany na manaraka modely an-taratasy sy tovana apetraky ny Fandraharahana ny hetra.

Ho an'ireo mpikambana amin'ny orinasa kaoperativa voalazan'ny andininy 01.02.02. II, ny hetra dia kajiana sy tanan'ny orianasa kaoperativa ifotony izay miantoka ny fandrotsahana izany eny anivon'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra misahana ny fitantanana ny antontan-taratasin-ketrany, alohan'ny faha 15 ny volana manaraka ny fitanana ifotony.

Ny hetra tambatra ho an'ireo mpamokatra ifotony manana laharan-ketra dia kajiana sy tanan'ireo izay manana laharan-ketra ifotony izay miantoka ny fandrotsahana izany araka ny fepetra **efa voalaza tetsy ambony.**

LOHATENY III
HETRA ALAINA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA)

TOKO VI
FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.03.16.-

Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ny paragirafy faha-2 amin'ity andininy ity:

A. Lalàna ankapobeny mifehy ny daholobe

Ny hetra dia kajiana amin'ny fampiharana ny taha mifanaraka tsirairay amin'ny ampahan'ny vola miditra iharan'ny hetra araka ny rafi-marika etsy ambany

- Hatramin'ny 350 000 Ariary : 0 isan-jato ;
- Ampahany amin'ny vola miditra 350 001 hatramin'ny 400 000 : 5 isan-jato ;
- Ampahany amin'ny vola miditra 400 001 hatramin'ny 500 000 : 10 isan-jato ;
- Ampahany amin'ny vola miditra 500 001 hatramin'ny 600 000 : 15 isan-jato ;
- Ampahany amin'ny vola miditra 600 001 hatramin'ny 4 000 000 : 20 isan-jato
- Ampahany amin'ny vola miditra mihoatra ny 4 000 000 ariary : 25 isan-jato.

Ny saran'ny hetra aloa dia ny fitambaran'ny valiny azo isaky ny ampahany izay tsy mahazo latsaky ny **5 000 Ariary.**

[…]

LOHATENY IV
HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN'NY FANANANA MITERA-BOLA

TOKO III
FANAFAHANA ARA–KETRA SY FEPETRA MANOKANA

Andininy 01.04.10.-

Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity:

"Ny fepetra ao amin'ny andininy 01.04.02 sy 01.04.03 dia tsy mihatra :

- **Amin'ny zana-bola raisin'ny banky sy ireo andrim-pitantanana ara-bola hafa amin'ireo asa-marika momba ny fitrosana vola amin'ny banky ary koa ireo zana-bolan'ireo petrabola kirakira ;**
- **Amin'ny zana-bola avy fifanarahana findramam-bola mba ho fanatanterahana fampiasam-bola izay azo avy amin'ny antokon-draharaha misahana ny famatsiam-bola ivelany.**

FIZARANA II
SARAM–PANORATANA SY HABA AMIN'NY FIARA ENTI–MILINA

ZANA–DOHATENY I
SARAM-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO

TOKO II
SANDA SY FIKAONTIANA NY HETRA

SOKAJY II
SARA RAIKITRA

Andininy 02.02.03.-

*Ovàna ho **"Ar 5 000"** ny vondron-teny **"Ar 2 000 "**amin'ity andininy ity.*

Andininy 02.02.04.-

*Ovàna ho **"Ar 10 000"** ny vondron-teny **"Ar 4 000"** amin'ity andininy ity.*

Andininy 02.02.05.-

*Ovàna ho **"Ar 20 000"** ny vondron-teny **"Ar 8 000"** amin'ity andininy ity.*

Andininy 02.02.06.-

*Ovàna ho **"Ar 50 000"** ny vondron-teny "**Ar 16 000"** amin'ity andininy ity.*

SOKAJY IV
FAMINDRAM-PANANA MISY SETRINY

SORA-PANEKENA NA FAMINDRAM-PANANANA VOAN'NY HABA

Fifanaraham-panofana

Andininy 02.02.12 -

[…]

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha-4 amin'ny II amin'ity andininy ity:

"Na izany aza, ny fifanarahana fitrosana vola amin'ny fampanofana natao tao amin'ny orinasa mpampindram-bola ankatoavina, dia iharan'ny sara raikitra:

- **Ar 40 000 ho an'ny fitaovam-pitaterana izay tsy mihoatra ny Ar 50 000 000 ny vidiny;**
- **Ar 60 000 ho an'ny fitaovam-pitaterana izay misanda na mihoatra ny Ar 50 000 000;**
- **Ar 50 000 ho an'ny fananana manaraka hafa;**
- **Ar 300 000 ho an'ny fananana mifaka.**

Tokotanim-barotra sy ny mpividy
Famindran-tanana misy setriny

Andininy 02.02.23.-

Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity:

Ny fepetra amin'ity fanasokajiana ity izay ampiharina amin'ny famindran-tompo misy setriny amin'ny tokotanim-barotra na ny mpividy dia mihatra amin'ny fifanarahana rehetra, **fahazoan-dalana na fankatoavana rehetra** misy setriny na **fivarotana fahazoan-dalana,** mba ahafahan'ny olona iray miasa, na asa efa nisy niandraikitra teo aloha, eny fa na ny fifanarahana izay efa natao niaraka tamin'ny nahazo ny tokotanim-barotra na ireo mpisitraka izany àry ka tsy niaraka tamin'ny famindrana ny mpividy.

Ny sara dia tsy maintsy takiana amin'ny fitambaran'ny vola rehetra na inona na inona anarany sy ny vesatra rehetra zakaina izay hita ao anatin'ny fifanarahana, izay tokony aloan'ny mpandova.

Varotra sy sora-panekena hafa amin'ny famindra-pananana fanaka na fananana manaraka misy setriny

Andininy 02.02.42.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny paragirafy farany amin'ity andininy ity:

"Na dia eo àry ny toetra maha ara-barotra, ny fivarotana fiarakodia vaovao ataon'ny mpivarotra nomen-toerana, ireo mpivarotra fiarakodia sy ny sora-panekena fividianana fiaramanidina sy sambo vaovao, dia tsy mandoa afa-tsy sara raikitra manokana **Ar 50 000** isaky ny fitaovana."

TOKO III
FAMINDRAN-TOMPO TSY MISY SETRINY

SOKAJY IV
TAHAN'NY SARA

Andininy 02.03.25.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny II amin'ity andininy ity:

Ny famindran-tompo tsy misy setriny amin'ny samy velona dia iharan'ny sara 5 isan-jato. **Na izany àry dia tsy takiana afa-tsy sara raikitra isaky ny tolorana ho an'ny famindrana amin'ny taranaka midina mivantana, izay faritana toy izao araka ny sandan'ny fananana atolotra:**

- **Ar 100 000 ho an'ny sanda latsaka na mitovy amin'ny Ar 50 000 000;**
- **Ar 200 000 ho an'ny sanda mihoatra ny Ar 50 000 000 hatramin'ny Ar 100 000 000;**
- **Ar 300 000 ho an'ny sanda mihoatra ny Ar 100 000 000.**

FIZARANA III
HETRA TSY MIVANTANA

LOHATENY I
HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (DA)

TOVANA
TABILAON'NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA

TOVANA 2 :

Ampidirina ireto sanda manaraka ireto ao amin'ny tovana :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	TAUX ET TARIF	
		LOCAL	IMPORTE
3303.00	**Parfums et eaux de toilette.**		
	--- Liquides :		
3303.00 11	---- Non alcooliques----------	5%	10%
3303.00 12	---- Alcooliques----------	5%	10%
3303.00 20	--- Concrets----------	5%	10%
33.04	**Produits de beauté ou de maquillage préparés et préparations pour l'entretien ou les soins de la peau autres que les médicaments, y compris les préparations antisolaires et les préparations pour bronzer ;** préparations pour manucures ou pédicures.		
3304.10 00	- Produits de maquillage pour les lèvres----------	5%	10%
3304.20 00	- Produits de maquillage pour les yeux----------	5%	10%
3304.30 00	- Préparations pour manucures ou pédicures----------	5%	10%

	- Autres:		
3304.91 00	-- Poudres y compris les poudres compactes ----------	5%	10%
3304.99 00	-- Autres ----------	5%	10%
33.05	**Préparations capillaires.**		
3305.10 00	- Shampooings ----------	5%	10%
3305.20 00	- Préparations pour l'ondulation ou le défrisage permanent	5%	10%
3305.30 00	- Laques pour cheveux ----------	5%	10%
3305.90 0	- Autres ----------	5%	10%
33.07	**Préparations pour le prérasage, le rasage ou l'après-rasage, désodorisants corporels, préparations pour bains, dépilatoires, autres produits de parfumerie ou de toilette préparés et autres préparations cosmétiques, non dénommés ni compris ailleurs ; désodorisants de locaux, préparés, même non parfumés, ayant ou non des propriétés désinfectantes.**		
3307.10 00	- Préparations pour le prérasage, le rasage ou l'après-rasage -----	5%	10%
3307.20 00	- Désodorisants corporels et antisudoraux ----------	5%	10%
3307.30 00	- Sels parfumés et autres préparations pour bains ----------	5%	10%
3307.90 00	- Autres ----------	5%	10%

LOHATENY VOALOHANY
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)

TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA

SOKAJY III
VOKATRA SY RAHARAHA TSY VOAN'NY HABA

Andininy 06.01.06.-

[…]

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana faha - 2 ao amin'ny 14 ° amin'ity andininy ity :

Ny fanafarana sy ny fivarotana ireo milina sy fitaovana ho an'ny fanaovana simenitra, ny fametrahana ireo vondrona indostrialy amin'ny fanodinana sy mpanao sakafo ao amin'ny rafitry ny fandaharan'asa « One District One Factory », sy manokana tsy misy eto an-toerana amin'ny fametrahana trano fandraisam-bahiny sy fizahan-tany, **amin'ny ny fanafarana avy any ivelany fitaovana sy fitaovam-piasana entina hananganana ireo toerana fialam-boly.** Ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo dia voafaritry ny rijan-teny manan-kery.

b) Ampiana andalana izay mirija toy izao amin'ny faran'ny 16° amin'ity andininy ity :

« Ny fisitrahana io fanafahan-kaba io dia tsy omena raha tsy efa nahazo taratasy fanamarinana toeran-kaleha avy amin'ny masoivoho na kaonsily, na avy amin'ny fikambanana iraisam-pirenena voakasika, ireo entana sy raharaha ary nahazo fankatoavana avy amin'ny Fandraharahana ara-ketra izany taratasy fanamarinana izany mialoha ny hanatanterahana ny

raharaha izay miteraka ny fitakiana ny haba araka ireo fepetra voafaritry ny andininy 06.01.10-II etsy ambony»

c) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 25° ao amin'ity andininy ity :

« 25° Foanana. »

d) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 27° ao amin'ity andininy ity :

"a- Ireo vola aloa amin'ny fampiofanana ao amin'ny fampiroboroboana ny fampiofanana matihanina izay vatsian'ny tahirim-bolan'ny Minisiteran'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana Matihanina ;

b- Ireo vola aloa amin'ny fampiofanana ataon'ny Masoivoho Nationaly momba ny Fampandrosoana sy ny Indostria amin'ireo raharaham-pandrosoana amin'ny fianarana asa, mifanaraka amin'ny Lalàna momba ny fampandroana sy ny indostria."

e) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny fehezan-teny farany amin'ity andininy ity :

" Ireo entana voafaritra ao amin'ny 8°, 10°, 11°, 13°, 14°, 17°, 21°, 22°, 23°, 29° **sy 31°** dia hita ao amin'ny lisitry ny tovana ."

TOKO V
FOTOTRA AMERANA NY HETRA

Andininy 06.01.11.-

Ovàna toy izao ny vondron-teny **"amin'ny sanda ara-pitanan-kaonty "** *ho* **"amin'ny sanda afakaratsaka ara-pitanan-kaonty"** ao amin'ny *4° amin'ity andininy ity.*

TOKO XIV
FEPETRA SAMIHAFA

Andininy 06.01.33.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

"Ireo tsenam-baro-panjakana na tsena manokana ho an'ny rafi-panjakana, izay vatsian'ny tahiry avy any ivelany, **natao talohan'ny** daty nampanan-kery ireo fepetra mikasika ny hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsena voalaza amin'ny andininy 01.01.44 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia ampiharana ireo fepetra **efa nisy tamin'ny fotoana nanombohana** ny tsena. Ampiharina ihany koa ireo fepetry ny andininy 06.01.01 sy ny manaraka mikasika ny TVA, amin'ireo zo sy andraikitra mifanaraka aminy indrindra ny fanangonana, ny fanesorana sy ny fandrotsahana ny TVA mifanandrify aminy."

TOVANA
LISITR'IREO VOKATRA AFAHANA AMIN'NY TVA

Article 06.01.06-23°

Ao amin'ny tovàna mifanaraka amin'ity andininy ity, foanana ireto andalana manaraka ireto:

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
	- Appareils utilisant les radiations alpha, bêta, gamma ou d'autres radiations ionisantes, même à usage médical, chirurgical, dentaire ou vétérinaire, y compris les appareils de radiophotographie ou de radiothérapie.
9022.29 00	**- - Pour autres usages**

Andininy 06.01.06.31.-

Ampiana ny tabilao tovana izay mirija toy izao amin'ity andininy ity.

"Andininy 06.01.06 : 31°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
02.01	**Viandes des animaux de l'espèce bovine, fraîches ou réfrigérées.**
0201.10 00	- En carcasses ou demi-carcasses
0201.20 00	- Autres morceaux non désossés
0201.30 00	- Désossées
02.02	**Viandes des animaux de l'espèce bovine, congelées.**
0202.10 00	- En carcasses ou demi-carcasses
0202.20 00	- Autres morceaux non désossés
0202.30 00	- Désossées
02.03	**Viandes des animaux de l'espèce porcine, fraîches, réfrigérées ou congelées.**
	- Fraîches ou réfrigérées :
0203.11 00	-- En carcasses ou demi-carcasses
0203.12 00	-- Jambons, épaules et leurs morceaux, non désossés
0203.19 00	-- Autres
	- Congelées :
0203.21 00	-- En carcasses ou demi-carcasses
0203.22 00	-- Jambons, épaules et leurs morceaux, non désossés
0203.29 00	-- Autres
02.04	**Viandes des animaux des espèces ovine ou caprine, fraîches, réfrigérées ou congelées.**
0204.10 00	- Carcasses et demi-carcasses d'agneau, fraîches ou réfrigérées
	- Autres viandes des animaux de l'espèce ovine, fraîches ou réfrigérées :
0204.21 00	-- En carcasses ou demi-carcasses
0204.22 00	-- En autres morceaux non désossés
0204.23 00	-- Désossées
0204.30 00	- Carcasses et demi-carcasses d'agneau, congelées
	- Autres viandes des animaux de l'espèce ovine, congelées :
0204.41 00	-- En carcasses ou demi-carcasses
0204.42 00	-- En autres morceaux non désossés
0204.43 00	-- Désossées
0204.50 00	- Viandes des animaux de l'espèce caprine
0205.00 00	**Viandes des animaux des espèces équine, asine ou bardine, fraîches, réfrigérées ou congelées.**

02.06	**Abats comestibles des animaux des espèces bovine, porcine, ovine, caprine, chevaline, asine ou bardine, frais, réfrigérés ou congelés**
0206.10 00	- De l'espèce bovine, frais ou réfrigéré
	- De l'espèce bovine, congelés :
0206.21 00	-- Langues
0206.22 00	-- Foies
0206.29 00	-- Autres
0206.30 00	- De l'espèce porcine, frais ou réfrigérés
	- De l'espèce porcine, congelés :
0206.41 00	-- Foies
0206.49 00	-- Autres
0206.80 00	- Autres, frais ou réfrigérés
0206.90 00	- Autres, congelés
02.07	**Viandes et abats comestibles, frais, réfrigérés ou congelés, des volailles du n° 01.05.**
	- De volailles de l'espèce *Gallus domesticus* :
0207.11 00	-- Non découpés en morceaux, frais ou réfrigérés
0207.12 00	-- Non découpés en morceaux, congelés
0207.13 00	-- Morceaux et abats, frais ou réfrigérés
0207.14 00	-- Morceaux et abats, congelés
	- De dindes et dindons :
0207.24 00	-- Non découpés en morceaux, frais ou réfrigérés
0207.25 00	-- Non découpés en morceaux, congelés
0207.26 00	-- Morceaux et abats, frais ou réfrigérés
0207.27 00	-- Morceaux et abats, congelés
	- De canards :
0207.41 00	-- Non découpés en morceaux, frais ou réfrigérés
0207.42 00	-- Non découpés en morceaux, congelés
0207.43 00	-- Foies gras, frais ou réfrigérés
0207.44 00	-- Autres, frais ou réfrigérés
0207.45 00	-- Autres, congelés
	- D'oies :
0207.51 00	-- Non découpés en morceaux, frais ou réfrigérés
0207.52 00	-- Non découpés en morceaux, congelés
0207.53 00	-- Foies gras, frais ou réfrigérés
0207.54 00	-- Autres, frais ou réfrigérés
0207.55 00	-- Autres, congelés
0207.60 00	- De pintades
02.08	**Autres viandes et abats comestibles, frais, réfrigérés ou congelés. (notamment de lapin, gibier, etc.).**
0208.10 00	- De lapins ou de lièvres
0208.30 00	- De primates
0208.40 00	- De baleines, dauphins et marsouins (mammifères de l'ordre Cetacea) ; de lamantins et dugongs (mammifères de l'ordre Sirenia); d'otaries et phoques, lions de mer et morses (mammifères du sous-ordre Pinnipedia)
0208.50 00	- De reptiles (y compris les serpents et les tortues de mer)
0208.60 00	- De chameaux et d'autres camélidés (*Camélidae*)
0208.90 00	- Autres »

BOKY III :
FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY

LOHATENY
FAMORIANA NY KETRA

TOKO III
SAZY SY LAMANDY

SOKAJY IV
LAMANDY AMIN'NY FANAMBARANA TSY AMPY, TSY FAHAMARINANA, FANADINOANA NA FAMPIHENANA

Andininy 20.01.54.1 -

[…]

Ampidirana paragirafy izay mirija toy izao, aorian'ny paragirafy faha-6 amin'ity andininy ity:

"**Ny olona rehetra izay manana fidiram-bola tsy iharan'ny hetra amin'ny vola miditra toy ireo Vondrona tsy miankina amin'ny Fanjakana, ireo fikamabanana tsy mitady tombontsoa, tsangan'asa fanasoavam-bahoaka, orinasa kaoperativa, fikambanan'orinasa kaoperativa, federasiona kaoperativa ary ireo mpandoa hetra iharan'ny hetra tambatra, izay nanadino ny fitanana na ny fandrotsahana ny hetra tambatr'ireo mpamatsy entana sy mpisahan'asa tsy manana laharan-ketra miasa ao aminy dia iharan'ny lamandy toy izao:**

- **ho an'ny fifampiraharahana latsaky ny Ar 500 000: fandoavana lamandy 40% amin'ny sandan'ny fifanarahana ankoatran'ny fandoavana ny hetra mifanaraka amin'izany**
- **ho an'ny fifampiraharahana indray mandeha mihoatra Ar 500 000 na ny fitambaran'ny vola mandritry ny taona ka mahatratra Ar 20 000 000: fandoavana lamandy 10% amin'ny sandan'ny fifampiraharahana.**

Andininy 20.01.54.2.-

[…]

Ampiana E mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

"E- Andoavana lamandy hatramin'ny 150% ankoatran'ny haba fototra tokony ho aloa, ireo mpandoa hetra nisitraka fanonerana trosan-kaba TVA raha toa ka tsy nanao fanitsiana tamin'ny vola tafahoatra voaray ao anatin'ny fe-potoana araka ny voalazan'ny andininy 06.01.17 amin'ity Fehezan-dalàna ity."

SOKAJY VI
FANDIKAN-DALANA HAFA

Andininy 20.01.56.15.3°

Ovàna ny andian–teny *«***amin'ny andininy 20.06.15***» an'ity andininy ity ho lasa "***amin'ny andininy IV-11 amin'ny Fehezan-dalàna mahakasika ny paika arahina ara-ketra** *»*

Andininy 20.01.56.35.-

Ampiana andininy vaovao izay mirija toa izao :

« Andininy 20.01.56.35.- Ny tsy fanarahana ny adidy tsy maintsy manome hoan'ny mpanao fitsirihana ara-ketra ny fitanan-kaonty natao tamin'ny solosaina , araka ny voalazan'ny andininy V-14 ao amin'ny fehezan-dalàna mahakasika ny paika ara-ketra , dia iharan'ny sazy ara-bola mitentina 1 isan-100 ny vola maty natao fanambarana mahakasika ireo taom-piasana voakasiky ny fitsirihana.

Raha tsy nisy ny filazana vola maty, na raha tsy mampiseho vola maty amboniny noho izay nanaovana fanambarana ireo singa ampelatanan'ny Fanjakana, dia kajiana avy amin'ireo singa ampelatananan'ny Fanjakana ny sazy ara-bola.

Tsy tokony ho latsaky ny Ar 5 000 000 ny sazy ara-bola.

Anisan'ny lazaina tsy fanarahana ny adidy tsy maintsy manome fitanan-kaonty :

- **ny fanomezana amin'ny ampahany fotsiny ireo boky fitanan-kaonty avy amin'ny solosaina**
- **ny fanomezana ireo antontan-kaonty amin'ny endriny manakana ny fitrandrahana azy na tsy hay vakiana**
- **ny fandavana hanome ny teny miafina na fanadinoana manome izany mba hahafahana manokatra ny antontan-kaonty**

Io sazy ara-bola io dia mihatra, tsy misy fiantraikany amin'ny fikajiana tsisy fierana izay voalazan'ny Andininy V-37-3 ao amin'ny Fehezan-dalàna mahakasika ny paika ara-ketra sy ireo sazy voalazan'ny Andininy 20.01.54 amin'ity Fehezan-dalàna ity. "

Ny ambiny tsy misy fanovana.

ANDININY FAHA 2.2

FEHEZAN-DALÀNA AMIN'NY PAIKA ARAHINA ARA-KETRA

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

LOHATENY I
NY AMIN'NY LAHARAM-PAMANTARANA, FILAZANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA

ZANA-DOHATENY I
LAHARAM-PAMANTARAN'NY MPANDOA HETRA

TOKO I
FEPETRA ARAHINA SY FANAMBARANA

Andininy I-02

Ampiana paragirafy vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ny andininy I-02:

"Ny mpandoa hetra manana laharam-pamantarana izay mividy entana na raharaha amin'ny mpamatsy entana na mpisahan'asa tsy manana laharam-pamantarana dia tsy maintsy maka ny laharam-pamantarana anabaka amin'ny alalan'ny sehatra voatokana amin'izany, raha toa ka mihoatra na mira Ar 500 000 ny sandan'ny fifanakalozana na mahatratra Ar 20 000 000 ny totaliny mandritry ny taona. Ireo fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika."

TOKO III
FOMBA ARAHINA MANDRITRY NY TAOM-PIASANA
SOKAJY I
AMIN'NY FOTOANA IASANA

Foronina ny Andininy I-08 bis izay mirija toy izao, ao amin'ny farany Sokajy I:

"**Ireo mpamoaka, mpamorona na mpamatsy tolotra ara-kajy mirindra izay manome vahaolana momba ny e-Facturation (fanaovana faktiora elektrônika) ho an'ireo mpandoa hetra dia tsy maintsy mahazo fankatoavana mialoha (homologation) ho an'ny rafitr'izy ireo avy amin'ny Foibem-pitantanan-draharahan'ny Hetra alohan'ny hivarotana na hampiasana izany.**

Ireo mpamatsy rafitra nahazo fankatoavana dia tsy maintsy miantoka ny fitazonana ny fenitra ara-teknika mifanaraka amin'ny vahaolana natolony, ary miantoka ny fandefasana an-tsakany sy an-davany ary am-pilaminana ireo angon-drakitra momba ny faktiora mankany amin'ny sehatra fikirakirana an'ny Foibem-pitantanan-draharahan'ny Hetra.

Ny fanovana lehibe rehetra na ny fanavaozana goavana atao amin'ny rafitra avy amin'ny mpamatsy ivelany nahazo fankatoavana dia tsy maintsy anaovana fanambarana mialoha any amin'ny Foibem-pitantanan-draharahan'ny Hetra, ary mitaky ny fampidirana dingana fankatoavana ankapobeny indray. Izany adidy izany dia miantefa amin'ny mpamatsy ilay rafitra ivelany na amin'ny tompony izay namolavola ny rindrambaiko ho an'ny tenany manokana, raha tsy izany dia hajanona ny fankatoavana nomena azy. "

ZANA-DOHATENY II
FANAMBARANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA

TOKO III
ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BAROM-PANJAKANA

SOKAJY I
FANAMBARANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BAROM- PANJAKANA TANANA IFOTONY

Andininy I-15.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny I- amin'ity andininy ity

"I- Ho an'ireo tsenam-baro-panjakana izay aloan'ny mpitana kaontim-panjakana na mety ihany koa ny mpiasa rehetra **miandraikitra ny fandoavana ireo tsena**, izy ireo no mikajy sy mitana ifotony ny hetra ary tsy maintsy mandrotsaka izany any **amin'ny mpandray volan'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra akaikin'ny biraon'ny famorian-ketra foibe, ny Fitehirizam-bola foibe na Fitehirizam-bola ankapobe izay manao ny fitanana ifotony,** farafahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny fitanana ifotony.

Ny tompon'ny tsenam-barotra kosa dia tsy maintsy manao fanambarana, tsy misy fandoavam-bola, ny hetra notanana eny amin'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ireo taratasin-ketrany **miaraka amin'ny taratasy manamarina ny fitanana nataon'ny mpitana kaontim-panjakana na ny mpiasa miandraikitra ny fandoavam-bola,** farafahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny daty nandoavam-bola."

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny IV amin'ity andininy ity:

"IV- Amin'ny fifanarahana ataon'ny fikambanana ara-barotra, ny hetra dia tanan'ny mpitarika ifotony ary arotsany any amin'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra miandraikitra ny fitantanana ny taratasin-ketrany, **farafahatarany ny faha-15 ny volana manaraka nandraisana ny vola, ireo avansy na vola naloa mialoha.**

Ny anjara vola miditra amin'ny mpikambana tsirairay dia tsy anaovana fitanana ifotony intsony. Na izany aza, ny mpifanaraka tsirairay avy dia tsy maintsy manao fanambarana tsisy fandoavam-bola ny hetra amin'ny vola miditra avy amin'ny tsena mifanaraka amin'ny anjara tsena azony manokana any amin'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra mitantana ny taratasin-ketrany farafahatarany ny faha-15 ny volana manaraka ny fitanana.

Amin'io fanambarana io, dia tsy maintsy misy dika mitovin'ny fifanarahana momba ny nahazoan'ny vondrona ara-barotra ny tsena, ny dika mitovin'ny fifanarahan'ny fikambanana ara-barotra sy/na antontan-taratasy hafa milaza ny anjaran'ny mpikambana tsirairay avy, ary koa ny dika mitovin'ny taratasy fanamarinana ny fitanana ifotony ny hetra natao."

TOKO V
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA IHARAN'NY HETRA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY

SOKAJY II
FANDROTSAHANA NY HETRA

Andininy I-22.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“ Ireo mpikarama izay manana mpampiasa na antokon-draharaha mpandoa vola ivelan'ny tanim-pirenena na ireo solon-tenany mipetraka eto Madagasikara izay nahazo fankatoavan'ny Fandraharahana ara-ketra dia tsy maintsy, araka ny fomba arahina voafaritry ny andininy 01.03.11 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra, mamaritra sy mandrotsaka ny hetra mifanaraka amin'ny karama noraisiny mandritry ny volana, **farafahatarany ny faha-15 ny volana nandraisany izany.**

Ny mpikarama izy tenany ihany no tsy maintsy mandrotsaka ny hetra any amin'ny mpiasa miandraikitra ny famorian'ny sampan-draharahan'ny hetra misy ny toeram-ponenany. Raha misy solon-tena monina eto Madagasikara, ity farany no tsy maintsy mandrotsaka ny hetra any amin'ny sampan-draharaha mitantana ny antontan-taratasin-ketrany.”

TOKO VIII
ANDRAIKITRA AMIN'NY SARA-PANORATANA (DE)

SOKAJY II
BIRAO HANAOVANA NY FANORATANA NY SORA-PANEKENA SY FAMINDRAMPANANANA

II - Sora-panekena natao tsy anatrehan'ny fanjakana

Andininy I-46.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“ Ny fanoratana ireo fifanarahana tsy vita sonia teo anatrehan'ny fanjakana dia tsy maintsy atao anatin'ny fepotoana voafaritra:

- **any amin'ny birao misy ny fananana ho an'ireo voafaritry ny andininy I-34 III 3° sy 5° ;**
- **any amin'ny birao misy ny fananana na birao misy ny toeram-ponenan'ny mpividy, ho an'ireo taratasy fifanarahana amin'ny samy olon-tsotra,** ary tsy maintsy mitondra fanamarinam-ponenana izy amin'izany sy sosony iray omena ny birao misy ny fananana ho fampahafantarana. Ho an'ireo fifanarahana mahakasika ireo fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra na orinasa, any amin'ny birao mitantana ny antontan-taratasin-ketran'ilay mpividy.”

V : Ny famindram-pananana noho ny fahafatesana

Andininy I-50.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

Ny famindram-pananana noho ny fahafatesana dia soratana ao amin'ny birao mpiandraikitra ny toeram-ponenan'ny maty na manao ahoana na ahoana ny tombambidin'ny fanaka na fananana mifaka anaovana ny fanambarana.

Raha tsy misy trano fonenana eto Madagasikara, dia any amin'ny biraom-ketra misy ny toeram-ponenan'ny iray amin'ireo mpandova no anaovana ny fanambarana, miaraka amin'ny taratasy fanamarim-poneanana. Raha tsy misy mpandova monina eto an-toerana, dia amin'ny alalan'ny solontena iray manana rohim-pianakaviana amin'ilay nodimandry no anaovana izany. Na ahoana na ahoana, ny fanambarana lova tsirairay dia tsy maintsy arahina mialoha fanomezan-pahefana ara-dalàna avy amin'ny mpandova tsy tonga rehetra.

LOHATENY V
IREO PAIKA ARARAHINA AMIN'NY FANAMARINANA ATAON'NY FANDRAHARAHANA ARA- KETRA

TOKO I
FANAMARINANA AMIN'NY ANTONTAN-TARATASY

SOKAJY III
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANARENANA IFANATREHANA AMIN'NY FANAMARINANA AN-TARATASY

PARAGIRAFY III
ADI-HEVITRA AM-BAVA SY IFANATREHANA AORIAN'NY FANAMARIHANA ATAON'NY MPANDOA HETRA

Andininy V-06.-

[...]

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faharoa amin'ity andininy ity:

"Ny fitanana an-tsoratra nosoratana araka ny modely voafaritry ny Fandraharahana ara-ketra, dia tsy maintsy ahitana ireo fifandaharana ataon'ny mpandoa hetra sy ny Sampan-draharaha, milaza ireo fandikan-dalàna hita sy ireo antony, manome ny hevitry ny Fandraharahana, ireo fanamarihana ataon'ny mpandoa hetra sy ireo teny entiny mandresy lahatra, ireo fanitsiana lehibe nekena sy ireo teboka tsy nifanarahana. **Ny fandavana sy ny tsy fiheverana ireo porofo azo avy amin'ny mpandoa hetra nanaovana fitsirihana dia tsy maintsy omena antony sy fanamarinana ao anatin'ny fampahafantarana raikitra."**

PARAGIRAFY IV
FANAOVANA NY FAMPAHAFANTARANA RAIKITRA

Andininy V-07.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny paragrafy faha 4 amin'ity andininy ity:

"Mba tsy ahafoana ny lohahevitra fanitsiana voakasika, ny fampahafantarana raikitra dia tsy maintsy milaza :

- Ireo singa nohazonina ho fototra iharan-ketra mbamin'ireo andininy amin'ny fototra ara-dalàna iaingan'ny fanitsiana ;

- Ny fijerin'ny mpanara-maso manoloana ireo fanamarihana nataon'ny mpandoa hetra ;

Tsy maintsy manome fampahalalana momba ireo fomba fanoherana sy fampakarana fitsarana voalazan'ny andininy V-30 amin'ity Fehezan-dalàna ity ihany koa ny fampahafantarana raikitra, raha tsy izany dia foana sy tsy manan-kery."

[…]

TOKO II
FANAMARINANA ENY AN-TOERANA

SOKAJY II
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAMARINANA ENY AN-TOERANA

PARAGIRAFY II
FANAMARINANA ENY AN-TOERANA

Zana-paragrafy II - Fampahafantarana ireo antontan-taratasy mandritry ny asa fanamarinana eny an-toerana

Andininy V-14.-

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity:

"Raha toa ny fitanan-kaonty ka natao araka ny rafitra ara-solosaina, dia tsy maintsy omena ireo mpanamarina any am-piandohan'ny asa fanamarinana, ireo antontan-taratasim-pitanana kaonty ara-informatika sy ny marika fidirana mifanaraka amin'izany, raha misy.

Ny fanomezana na ny tsy fanomezana izany antonta taratasy izany dia hamarinina anaty fitanan-tsoratra voalaza ao amin'ny andininy V-10 amin'ity Fehezan-dalàna ity. Ny tsy fanarahana izany andraikitra izany dia andoavana **lamandy voalazan'ny andininy 20.01.56.35 amin'ity Fehezan-dalàna momba ny hetra, ankoatry ny voalazan'ny fepetra ao amin'ny andininy V-37-3 amin'ity Fehezan-dalàna ity ihany."**

Zana-paragirafy III: Paika arahina amin'ny fanitsiana ifanatrehana atao amin'ny fanamarinana eny an- toerana

Andininy V-17.-

[…]

Ampiana paragirafy vaovao mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

"Toy izany ihany koa ireo tahiry an-tsolosaina amin'ireo soratra ara-kaonty voalaza ao amin'ny andininy V-14 amin'ity Fehezan-dalàna ity nomena aorian'ny nanaovana fitsirihana voalohany eny an-toerana.

LOHATENY VI
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FIFANOLANANA SY FAMINDRAM-PO

TOKO III
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FIFANOLANANA FAMERANA HETRA

SOKAJY II
PAIKA ARAHINA MIALOHA ENY ANIVON'NY FANDRAHARAHANA

PARAGIRAFY V
FANAFOANAN-KETRA

Andininy VI-22.-

(...)

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha-2 amin'ity andininy ity:

"Ny fanafoanan-ketra nohon'ny fahadisoana nataon'ny Fanjakana, dia azo atao aorian'ny fe-potoana voafetran'ity fehezan-dalàna ity mahakasika an'ireo fanapahana momban'ny fitarainana ara-pifanolanana ny fameran-ketra, **na dia tsy azo raisina ara-pomba àry ny fitarainana."**

b) Amin'ny fiafaran'ity andininy ity, dia ampina paragirafy vaovao mirija toy izao:

« Io fahefana io dia an'ny Fandraharahan'ny hetra ary tsy manafaka ny mpandoa hetra amin'ny fanajana ireo fepetra momba ny fahazoana mandray voalazan'ity Fehezan-dalàna ity."

LOHATENY VII
FITAKIANA NY HETRA

TOKO I
FITAKIANA HETRA ATAON'NY KITAPOMBOLAM-PANJAKANA

SOKAJY I
TOETRA MAHA TSY MAINTSY TAKIANA NY HETRA

Andininy VII-01.-

[…]

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha-3 amin'ity andininy ity:

"Ny sorabola aloa dia ampahafantarin'ny sampana mpametra ny hetra eny anivon'ny Kaominina amin'ireo mpandoa hetra amin'ny alalan'ny filazana fameran-ketra izay **soniavin'ny Lehiben'ny Ivon-ketra mahefa ara-paritra** na voamarina amin'ny QR code na kaody famaliana haingana **omen'ny Fandraharahan'ny hetra ary voasonian'ny Ben'ny Tanàna izay afaka manome fahefana hanao sonia ireo lefiny**. Ny taratasy filazana fameran-ketra tsy misy sonian'ny **lehiben'ny** Ivon-ketra na tsy misy QR code dia foana ary tsy manan-kery."

Andininy VII-03.-

Ovàna ho "**Ben'ny tanàna**" ny vondron-teny "**Lehiben'ny Ivon-ketra**" amin'ity andininy ity

TOKO II

Ovana ho ***"*FANANGONAN-KETRA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA"** ***ny*** **"FANANGONAN–KETRA AMIN'NY ALALAN'NY FANAMBARANA AN–TSITRAPO"** ***lohateny***

SOKAJY I
FOTO–KEVITRA

Andininy VII-32.-

(...)

a) Ampiana paragirafy faha 11 aorian'ny faragirafy faha 10 amin'ity andininy ity:

"Ny fandoavan-ketra dia tsy heverina ho tanteraka raha tsy amin'ny daty manamarina fa voaray ao amin'ny kaontin'ny mpandray volan'ny hetra ny vola"

b) Aorinan' io fanovana io dia amboarina toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha-12 amin'ity andininy ity:

"Ho an'ny mpandoa hetra nahazo alalana avy amin'ny Minisitra miandraikitra ny lalàna ara-ketra hanao ny fanambarana ara-ketra amin'ny tranon-kalan-pifandraisana dia tsy maintsy mirakitra isa laharan'ny antontan-taratasy na isa miafina **amin'ny alalan'ny kaody omen'ny rafitra informatika** ny taratasy pirinty elektronika izay alefa any amin'ny Sampan-draharahan'ny hetra, ary misy taratasy omena manamarina ny fandraisana izany isaky ny fandefasana azy."

[…]

SOKAJY II
SORA-PITAKIANA HETRA

Andininy VII-33.-

Ovàna toy izao manaraka izao ity andininy ity:

Ireo trosan-ketra voalazan'ny andininy VII-01 sy VII-32 amin'ity Fehezan-dalàna ity ary koa ireo trosan-ketra vahiny, nanaovan'ny manampahefana vahiny fangatahana fanampiana amin'ny famoriana, dia anaovana sora-pitakiana hetra manokana na miaraka ary noho izany dia azo takiana. Ny sora-pitakiana hetra dia tsy maintsy alefa aorian'ny fampahafantarana raikitra, fampahafantarana ny fameran-ketra tsy misy fierana na filazana ny fikajian-ketra voalazan'ny andininy 20.01.56.16 ny Fehezan-dalàna momba ny hetra amin'ny fe-potoana voafaritr'ity Fehezan-dalàna ity. Izy io dia avoaka aorian'ny taratasy fameran-ketra ho an'ireo tranga hafa mba tsy ahalany ny paik'andro amin'izany araka ny voalazan'ity Fehezan-dalàna ity. Ny sora-pitakiana hetra dia ataon'ny mpiasa manana laharan'ny mpandray vola na mpiasa Tompon'andraikitra amin'ny famoriana ireo Hetram-bondrom-bahoaka eny amin'ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana, nankatoavina sy mahazo toetra tsy maintsy tanterahina avy amin'ny Tale na ny Lehiben'ny vondrona mpirotsaka an-tsehatra mitantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra, ho an'ireo hetra sy haba ao amin'ny Boky II amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra, ataon'ny Lehiben'ny vondrona mpirotsaka an-tsehatra ara-paritra mahefa. **Ny sora-pitakiana hetra dia azo amboarina, ankasitrahana, omena toetra tsy maintsy tanterahina ary tahirizina amin'ny endrika elektrônika. Ho fialana amin'io fepetra io, eo amin'ny lafiny hetra amin'ny trano naorina sy hetra amin'ny tany, ny fanankatoavana (visa) ny sora-pitakiana hetra dia azo soloina amin'ny alalan'ny kaody QR avoakan'ny Foibem-pitantanan-draharahan'ny hetra ary apetaka mialoha ny fanaovan-tsonia ataon'ny tompon'andraikitry ny famoriana.** Ny sora-pitakiana hetra dia atao amin'ny alalan'ny taratasy fameran-ketra, isaky ny karazan-ketra ary tsy maintsy ahitana ireto filazana manaraka ireto :

- Anaran'ny mpandoa hetra na anarana iantsoana ny orinasan'ny mpandoa hetra ;
- Laharam-pisoratana ho mpandoa hetra na laharan'ny kara-panondrom-pirenena ;
- Taratasy fameran-ketra fototry ny fananan-trosa amin'ny hafa ;
- Karazan-ketra, taon-ketra sy sorabolan-ketra.

Ny sora-pitakiana hetra dia ampahafantarina:

- na ny mpiasan'ny Sampan-draharahan'ny hetra na mpiasan'ny kaominina ho an'ny hetram-bondrom-bahoaka ary misy fanoratana ny fandraisana izany eo amin'ny dika mitovy amin'ny taratasy na eo amin'ny kahie fanaovana fampitàna na taratasy manamarina ny fandraisana ;
- na arak'ireo fitsipika fampandrenesana ny taratasim-pitsarana araky ny voalaza ao amin'ny andininy 144 ny Fehezan-dalàna momba ny paikady madio sy araky ny fahefana omena ny mpiasan'ny Sampan-draharahan'ny hetra araky ny voalazan'ny andininy VI-68 an'ito Fehezan-dalàna ito ;
- na amin'ny alalan'ny taratasy alefa amin'ny fomba manokana miaraka amin'ny taratasy manamarina ny fandraisana izany ;

- na amin'ny fomba elektronika miaraka amin'ny fanamarinana ny nandraisana izany ho an'ny mpandoa hetra mahazo alalana hanao fanambaran-ketra amin'ny fitaovan-tseraseram-pifandraisan-davitra.

Ny sora-pitakiana hetra dia heverina ho toy ny voarain'ny hananan-trosa amin'ny alalan'ireo fomba voalaza mialoha ireo.

Ny taratasy fampahafantarana dia toy ny antso fampitandremana. Ny sora-pitakiana hetra dia mirakitra ny fandidiana ny andoavana tsy misy hatak'andro ny sora-bolan-ketra voarakitra ao anatiny. Azo takiana avy hatrany io sora-bola io.

Ho fialana amin'ireo fepetra voalaza teo aloha ireo, ho an'ny hetra amin'ny trano naorina sy ny hetra amin'ny tany, **ny sora-pitakiana hetra dia heverina ho nampahafantarina ara-dalàna** rehefa atolotra ny mpandoa hetra miaraka amin'ny taratasy filazana ny hetra miantoka fanamarinana ny fandraisana izany. Na izany aza, tsy mahazo toetra tsy maintsy tanterahina izy raha tsy aorian'ny fahataperan'ny fe-potoana fandoavam-bola voalaza ao amin'ny andininy VII-01 sy VII-03 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Ny fampahafantarana ny sora-pitakiana hetra dia mampiato ny fe-potoana ahazoan'ny Fandraharahana ampiharana ny didy aman-dalàna ary lasa misolo ho fe-potoana hahazoana mampihatra ny didy aman-dalàna amin'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka izany fe-potoana izany.

Ny sora-pitakiana hetra rehetra dia heverina ho fanaovana fampahafantarana ho an'ny fanangonana ny sora-bola voarakitra azo takiana, sy ho an'ny fanangonana an'ireo hetra, zo, na haba mitovy karazany izay tonga fetrandro na izay mipoitra ny fahazoana mitaky izany aty aoriana, mialohan'ny andoavan'ny mpandoa hetra ny trosany.

Ny sora-pitakiana hetra nomena, nandalo imaso sy nampahafantarina amin'ny fomba ara-dalàna dia manan-kery hatrany, **na inona na inona fitaovana nampiasaina nandrafetana azy**, raha tsy foana ny taratasy fameran-ketra fototry ny nandrafetana azy araky ny fanapahan-kevi-panafoanan-ketra na araky ny didim-pitsarana **na foana** nohon'ny fahataperan'ny fe-potoana telopolo taona ahazoan'ny Sampan-draharahan'ny hetra ampiharana ny didy aman-dalàna.

Ny sora-pitakiana hetra dia ampiasaina ihany koa ho fototry ny fanangonana ireo trosan-ketra tsy voaloa amin'ny alalan'ny fitazonana ifotony ireo loavola nohon'ny fandaniam-bolam-panjakana. Misy paikady manokana napetraka ho fanatanterahana foana an'io fanitsiana io ao anatin'ny fe-potoana latsaky ny roa volana.

Ny sora-pitakiana hetra dia tanterahina araka ny lalàna ary midika fananan'antoka amin'ny fananana mifaka toy izay voarakitr'ireo fepetran'ny didim-pitsarana raikitra navoakan'ny fitsarana. Na izany aza, ny fivarotana ireo entana nogiazana dia tsy azo atao raha tsy mahazo alalana manokana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Hetra izay afaka mamindra izany fahefany izany.

Ny saram-panenjehana aloan'ny mpandoa hetra, ho fampiharana ny sora-pitakiana hetra, dia fanampin-ketra miampy amin'ny trosan'ny mpandoa hetra ary mitovy fiafarana amin'ny renin-ketra. Mitovy amin'ny fitakiana ny hetra ny fanenjehana an'ireo saram-panenjehana ireo.

Raha tsy mifanohitra amin'ireo fepetra voalazan'ireo fifanarahana ara-ketra, ireo fomba arahina amin'ny famoriana ireo trosa ara-ketra, ao anatin'ny fanampiana ireo manam-pahefana vahiny amin'ny famorian-ketra, dia voafaritry ny didy amam-pitsipika.

SOKAJY IV
TOMBON'ANTOKY NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA SY ANTOKA AMIN'NY FANANANA MIFAKA ARA-DALANA

Andininy VII-45.-

(...)

Ampiana paragirafy mirija toy izao amin'ny faran'ny 2 amin'ity andininy ity

"Ho fanafahana amin'ny 7° amin'ny andininy VII-14, ny tsy fanaovana fanoratana dia tsy mamafa ny tombon'antoky ny mpiasan'ny hetra amin'ny trosa izay efa nanaovana sora-pitakiana voaray marina.

Ny mpiraki-draharahan'ny Fitsarana dia mampandre ny Fandraharahana ny hetra momba ny didim-pitsarana rehetra manokatra ny paika iraisana amin'ny fanefana ny trosa ao anatin'ny dimy ambinin'ny folo andro namoahana izany didim-pitsarana izany.

Ho fanafahana ireo fepetra amin'ny lalàna n° 2003-042 tamin'ny 03 septambra 2004 momba ny paika iombonana fanadiovana ny ramby, ny fepotoana hametrahana ny fitakiana trosa ara-ketra dia tsy mihatra raha tsy efa voaray ny taratasy fampahafantarana. Ny fitakiana trosa ara-ketra vaovao na notoherina dia apetraka vonjimaika."

LOHATENY IX
FEPETRA ISAN-KARAZANY

TOKO II
TSIAMABARATELO ARAK'ASA

SOKAJY II
SEHA-MPAMPIHARANA NY ANDRAIKITRA AMIN'NY TSIAMBARATELO ARAK-ASA

Andininy IX-26.-

(...)

Ampiana tsipika roa mirija toy izao aorian'ny tsipika faha-2 amin'ity andininy ity:

“Amin’ny Fanjakana sy ny mpisolovava, rehefa tsy tafiditra ao anatin’ny tsiambaratelo eo amin’ny mpanjifa sy ny mpisolovava ny vaovao, izay atao mba hangatahana na hanomezana torohevitra ara-dalàna, na ao anatin’ny raharaham-pitsarana efa mandeha na kasaina hatomboka.

Tsy azo atao, indrindra indrindra, ny mitaky ny fiarovana avy amin’ny tsiambaratelon’ny asa ho an’ny mpisolovava, raha mikasika ny vaovao ananany raha toa izy ka manana andraikitra amin’ny maha-mpitantana, tompon’ampahan-drenivola na mpiombon’antoka na mpanao saikin’asa amin’ny fikambanana mizaka zo.

- Amin’ny Fanjakana sy ny manam-pahaizana momba ny kaonty sy ny mpanamarin-kaonty ara-dalàna amin’ny fampitana ireo vaovao, antontan-taratasy, porofo ara-kaonty ary ireo fampahalalana ananany, ho setrin’ny fangatahana fanomezam-baovao natao araka ny fifanarahana amin’ny firenena roa, fifanarahana iraisan’ny firenena maro, na fitaovana ara-dalàna hafa momba ny fifanakalozana vaovao.”

Ny ambiny tsy misy fanovana.

ANDININY FAHA-3

FADINTSERANANA

A- MAHAKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny andinindinin'ny fehezan-dalana momba ny Fadintseranana dia ampiana sy ovaina toy izao manaraka izao :

LOHATENY VOALOHANY
FEHIN-KEVITRA ANKAPOBE MOMBA NY FITONDRANA NY FADINTSERANANA

TOKO III
LALÀNA MOMBA NY LAZAM-BIDY

Sokajy I
Lazam-bidin'ny haban-tseranana

Ampiana toy izao ny andininy faha-8 bis vaovao, aorian'ny andininy faha-8:

And. 8 bis – 1° Apetraka ao amin'ny tahirin-kaody momba ny lazam-bidy (« nomenclature tarifaire ») ny « code additionnel » nasionaly mihatra amin'ny akora fototra sy ny fitaovana ampiasaina amin'ny famokarana (« intrants ») hafarin'ireo orinasa indostrialy miorina eto Madagasikara izay nanao sonia taratasy fanekena (« acte d'engagement »). Ireo orinasa mahafeno ny fepetra voalazan'ity andininy ity dia misitraka io kaody io ara-dalàna avy hatrany, raha vao voaray an-tsoratra (« enregistrement ») ao amin'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana ny taratasy fanekena nataony.

2° Ny tahan'ny haban-tseranana mihatra amin'ny entana ambara eo ambanin'io kaody io dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika. Tsy azo latsaky ny 5% na ny tahan'ny sandany mitovy lanja amin'izany (« équivalent ad valorem ») izany.

3° Ny fisitrahana ny « code additionnel » dia miankina amin'ireto :

a) ny fampidirana ny entana ao amin'ny lisitra voafaritra (« liste positive ») ho an'ny sehatra misy azy (« filière »), ao anatin'ny fetran'ny habetsahana voafaritra araka ny fenitra fanjifana (« normes de consommation ») voafaritry ny didy amam-pitsipika ;

b) ny fampiasana ny entana ho an'ny dingana famokarana ataon'ny orinasa ihany ;

c) ny fanaovan'ny orinasa fanodinana lalina (« transformation substantielle ») ny entana nafarana.

4° Ireo entana nafarana eo ambanin'io kaody io dia tsy azo amidy na omena maimaimpoana amin'ny olona voajanahary na olona ara-dalàna hafa amin'ny toetrany voalohany, na ampiasaina amin'ny zavatra hafa, raha tsy misy fahazoan-dalana mialoha avy amin'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana ary aloa araka ny taha mahazatra ny haba sy hetra.

5° Ny tsy fanajana ireo fanekena noraisina dia miteraka ny fanesorana ny fisitrahana ny « code additionnel » sy ny fanangonana ny haba sy hetra tsy voaloa, tsy manakana ny fampiharana ny sazy voalazan'ity Fehezan-dalàna ity.

6° Ny lisitra voafaritra sy ny fenitra fanjifana isaky ny sehatra dia faritan'ny didim-pitondrana avoakan'ny Minisitra miandraikitra ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Ny fepetra takiana amin'ny orinasa, ny modelin'ny taratasy fanekena, ary ny fomba fandraisana an-tsoratra sy fanaraha-maso dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika. Ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana no manara-maso ny fanajana ireo fepetra voalaza ao amin'ny 3°, indrindra amin'ny alalan'ny fanaraha-maso aorian'ny fanafahana entana (« contrôle a posteriori ») ; ho amin'izany, afaka mangataka amin'ny fitantanan-draharaha misahana ny hetra ny fampahalalana ilaina izy.

TOKO IV
FAMARITANA NY LALANA SY NY DIDY AMAM-PITSIPIKA MOMBA NY FADINTSERANANA

Sokajy II
Fanomezana fepetra tetezamita

Ovaina ny andininy 13 ho toy izao :

And. 13 . – 1° Mihatra avy hatrany, manomboka amin'ny daty amoahana azy ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara, ny lalàna sy ny fitsipika momba ny fadintseranana ary ny lazam-bidy.

2° Na izany aza, raha tsy misy fepetra mazava mifanohitra amin'izany voafaritry ny lalàna, rehefa misy fanovana ny lazam-bidy ka lasa tsy mahasoa kokoa ny taha ampiharina amin'ny entana, dia azon'ny mpanafatra entana na ny solontenany nomena fahefana ara-dalàna angatahina ny hampiharana ilay taha teo aloha izay mahasoa kokoa. Tsy maintsy feno miaraka anefa ireto fepetra manaraka ireto :

a) Manaporofo fa efa nalefa mivantana ho any amin'ny faritry ny fadintseranana malagasy, ary ho amin'izany toerana izany irery ihany, ny entana talohan'ny daty namoahana tamin'ny fomba ofisialy ny taha vaovao. Tsy maintsy porofoina amin'ny fomba tsy azo iadian-kevitra izany fandefasana izany, amin'ny alalan'ny fanolorana taratasim-pitaterana raikitra sady tsy azo foanana, toy ny taratasim-pitaterana an-dranomasina (*connaissement maritime*) na ny taratasim-pitaterana an'habakabaka (*lettre de transport aérien*), izay natao talohan'izany famoahana izany ;

b) Anaovana fanambarana amin'ny antsipiriany ny entana mba hampidirana azy mivantana amin'ny fanjifana eto an-toerana (*mise à la consommation directe*). Tsy azo ampidirina velively ao anatin'ny fitondrana ara-padintseranana momba ny trano fanatobiana entana (*entrepôt douanier*), na apetraka amin'ny sata fitahirizana eo ambany fiahian'ny fadintseranana (*mise en dépôt*), ireo entana ireo.

3° Ny fisitrahana ny fepetra voalazan'ny paragrafy etsy aloha dia miankina amin'ny fanamarinana sy ny fankatoavan'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana fa tena izy sy manan-kery ireo antontan-taratasy fanamarinana natolotry ny mpanafatra entana.

4° Tsy azo atao mihitsy ny mampihatra ity andininy ity ho antony hamerenana ny haban-tseranana efa nokajiana sy naloan'ny mpanafatra entana ara-dalàna talohan'ny nametrahany ny fangatahana.

LOHATENY X : FIFANOLANANA

TOKO III
FANENJEHANA SY FAMORIANA

Sokajy III
Famonoana ny zo hanenjika sy hanafay

§ 1 – Fahefana hanao raharaham-pihavanana

Ovaina toy izao ny andininy faha-295 :

And. 295 – 1° Omena fahefana hanao raharaham-pihavanana (*transaction douanière*) amin'ireo olona enjehina noho ny fandikan-dalàna ara-padintseranana ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana.

Didim-pitondrana avoakan'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana no mamaritra ny fomba fampiasana izany fahefana izany.

2° Azo atao ny raharaham-pihavanana, na alohan'ny hivoahan'ny didim-pitsarana raikitra na aorian'izany.

3° Raha aorian'ny didim-pitsarana raikitra no anaovana ny raharaham-pihavanana, dia mbola mihatra hatrany ny sazy mihatra amin'ny tena.

4° Ireo olona nanaovana ny raharaham-pihavanana ihany no mahazo misitraka izany. Noho izany, mbola azo enjehina ireo mpandika lalàna hafa, na mpiara-nanao ny fandikan-dalàna izy ireo, na mpiray tsikombakomba, na olona manana tombontsoa amin'izany.

Hafa kosa ny amin'ireo mpiantoka sy ireo olona tompon'andraikitra sivily, satria miainga mivantana amin'ny andraikitry ny tena nahavanon-doza ny andraikitr'izy ireo. Raha misitraka io fomba fandaminana io ilay tena nahavanon-doza, dia mifamatotra tsy azo sarahina amin'ny toe-javatra mihatra aminy koa ny an'ireo olona ireo.

5° Eo amin'ireo andaniny sy ankilany, ny raharaham-pihavanana dia manan-kery toy ny raharaha efa voatsara (*autorité de la chose jugée*). Azo ampiharina amin'ireo olon-kafa mitana vola na fananana voalazan'ny andininy faha-334 amin'ity Fehezan-dalàna ity koa izany. Tsy azo toherina noho ny fahadisoana momba ny lalàna na noho ny filazana fa nisy fahavoazana vokatry ny tsy fifandanjan'ny fifanarahana (*lésion*) izy io.

6° Rehefa nahatonga ny fanenjehana heloka ho tapitra ny raharaham-pihavanana ara-padintseranana, dia tsy azo anenjehana indray ilay olona noho ireo zava-nitranga ireo ihany, na dia omena fanasokajiana ara-dalàna hafa aza izany.

7° Tanteraka ny raharaham-pihavanana rehefa voaloa manontolo ny haba sy ny hetra ary ny lamandy ara-padintseranana, ary tanteraka manontolo ny fandraofana fananana nifanarahana. Mampitsahatra ny fanenjehana heloka izany.

TOKO V

FANATANTERAHANA NY DIDIM-PITSARANA MANERY SY NY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA MIKASIKA NY FADINTSERANANA

Sokajy II – Fomba fanatanterahana

§ 4 – Fivarotana ny entana nogiazana noho ny fandikan-dalàna sy fitsipika momba ny fadintseranana

FIVAROTANA ALOHAN'NY FANOMBANANA NY ENTANA MISY HOSOKA, NY FOMBA NENTINA NANARONANA NY HOSOKA ARY NY FOMBA FITATERANA NOGIAZANA

Ovaina toy izao ny andininy faha-336 :

And. 336 – 1° a) Ho antoka hahazoana mandoa ny haba sy ny hetra ary ny sazy ara-bola mifandraika amin'ny fandikan-dalàna, dia azon'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana amidy, alohan'ny hivoahan'ny didim-pitsarana, ny entana nanaovana hosoka, ny fitaovana nentina nanafenana ny hosoka ary ny fitaterana nogiazana.

Tsy maintsy avadika ho fandraofana fananana (*confiscation*) aloha anefa ny fanagiazana (*saisie*), amin'ny alalan'ny didy avoakan'ny mpitsara ao amin'ny toerana nanaovana ny fandikan-dalàna na ny toerana nanoratana ny fitanana an-tsoratra ara-padintseranana. Azo atao izany na eo na tsy eo ilay mpandika lalàna, amin'ireto toe-javatra ireto :

- Raha entana mora simba no voakasika ;
- Raha mety hihena haingana ny sandan'ny entana noho ny toetrany ;
- Raha tsy manana toerana sahaza hitehirizana ireo entana mandra-pahavitan'ny fandaminana tanteraka ny fandikan-dalàna ara-padintseranana ny Fitantanan-draharaha.

b) Na izany aza, azo aato ny fivarotana raha mametraka vola antoka heverina ho ampy, mahatratra ny sandan'ireo zavatra nogiazana, eo anivon'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana ilay mpandika lalàna. Tsy maintsy atao ao anatin'ny iray volana farafahatarany manomboka amin'ny datin'ny fanagiazana izany. Raha entana mora simba kosa no voakasika, dia dimy ambin'ny folo andro ny fepotoana farany.

2° Mba hahazoana mamory ny haba sy ny hetra ary ny sazy ara-bola mifandraika amin'ny fandikan-dalàna, dia azon'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana amidy ny entana nanaovana hosoka, ny fitaovana nentina nanafenana ny hosoka ary ny fitaterana, amin'ireto toe-javatra ireto :

a) Raha afoin'ny tompony ho an'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana ireo entana nogiazana, mandritra ny fandaminana ny fandikan-dalàna ara-padintseranana amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana ;

b) Raha didim-pitsarana raikitra, nivoaka taorian'ny fandaminana ny fandikan-dalàna ara-padintseranana teny amin'ny fitsarana, no nanapaka ny handraofana ireo fananana ireo ho an'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana.

3° Tsy maintsy atao araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-238 sy faha-238 bis amin'ity Fehezan-dalàna ity ny fivarotana.

4° Ny vola azo amin'ny fivarotana voalazan'ny paragrafy 1° a) etsy ambony dia tsy azo raisina ho vola miditra raikitra raha tsy efa nivoaka ny didim-pitsarana manan-kery ho raharaha voatsara, na ny fanapahan-kevitra momba ny raharaham-pihavanana.

5° Araka izao filaharan'ny laharam-pahamehana izao no ampiasana ny vola azo amin'ny fivarotana, ka arakaraka ny vola tokony haloana amin'ny sokajy tsirairay :

a) Handoavana ny sarany sy ny fandaniana hafa rehetra, mbamin'ny lany mifandraika amin'izany, naloan'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana tamin'ny fanangonana sy ny fitahirizana ireo entana tao amin'ny toerana nahazoana fankatoavana, ary tamin'ny fivarotana azy ;

b) Handoavana ny haba sy ny hetra mbola tsy naloan'ireo mpividy na ireo nahavita ny fandikan-dalàna.

6° Raha ampy ny vola azo amin'ny fivarotana, dia ampiasaina handoavana ny sazy ara-bola mihatra ny ambim-bola.

7° Raha tsy ampy handoavana ireo trosa voatanisa ao amin'ny paragrafy 5° etsy ambony ny vola azo amin'ny fivarotana, dia apetraka ho tahiry ao amin'ny Tahirimbolam-panjakana izany. Raha ilaina, dia zaraina araka ny paika fitsinjaram-bola mifanaraka amin'ny anjaran'ny tompon-trosa tsirairay (*distribution par contribution*), araka ny fandraisana andraikitry ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana.

Raha misy fifanolanana, dia ny mpitsara ao amin'ny toerana misy ny biraon'ny fadintseranana itahirizana ireo entana no manana fahefana hitsara.

8° Azon'ny Fitantanan-draharaha potehina ireo entana voalazan'ny 1° a) sy 2° etsy ambony, raha voamarina fa tsy azo hanina na tsy azo ampiasaina intsony.

TOKO VII

FEPETRA FAMAIZANA

Sokajy I

Fanasokajiana ny fandikan-dalàna amin'ny fadintseranana sy ny sazy fototra

§ 2 – Fandikan-dalàna Madinika

A- FANDIKAN-DALÀNA MADINIKA KILASY VOALOHANY

Ovaina toy izao ny andininy faha-356 :

And. 356 – 1° Sazina lamandy 500.000 hatramin'ny 2.500.000 Ariary izay rehetra mandika ny fepetra voalazan'ny lalàna sy ny fitsipika momba ny fadintseranana, raha tsy misy sazy henjana kokoa voafaritry ity Fehezan-dalàna ity ho an'izany fandikan-dalàna izany.

2° Ireto indrindra no iharan'ny fepetra voalazan'ny andalana etsy aloha :

a) Izay rehetra tsy fampidirana na tsy fahamarinan'ny iray amin'ireo filazana tsy maintsy hita ao amin'ny fanambarana, raha tsy misy fiantraikany amin'ny fampiharana ny haba na ny fandrarana izany tsy fanarahan-dalàna izany ;

b) Izay rehetra tsy fanoratana ao amin'ny rejisitra voatokana ;

c) Izay rehetra fandikana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-58 b), faha-60, faha-61, faha-64, faha-71 2° ary faha-129 2° etsy ambony, na ny fepetra ao amin'ireo didim-pitondrana navoaka ho fampiharana ny andininy faha-12 2° amin'ity Fehezan-dalàna ity ;

d) Izay rehetra tsy fanatanterahana manontolo na ampahany ny adidy nekena tao anatin'ny taratasy ara-padintseranana misy fiantohana (*acquits-à-caution*) sy ny taratasy fanekena adidy (*soumissions*).

D- FANDIKAN-DALÀNA MADINIKA KILASY FAHEFATRA

Ovaina toy izao ny andininy faha-359 :

And. 359 – 1° Sazina amin'ny fandraofana ireo entana voakasiky ny fandikan-dalàna sy lamandy mitentina indray mandeha hatramin'ny iray sy sasany amin'ny sandan'ireo entana ireo izay rehetra mandika ny lalàna sy ny fitsipika momba ny fadintseranana, raha entana tafiditra ao anatin'ny sokajin'entana voarara ny fanafarana na ny fanondranana no voakasika, ary raha tsy misy sazy manokana voafaritry ity Fehezan-dalàna ity ho an'izany fandikan-dalàna izany.

2° Iharan'ny fepetra voalazan'ny paragrafy etsy aloha indrindra ireo fandikan-dalàna voalazan'ny andininy faha-357 2° etsy ambony, raha entana tafiditra ao anatin'ny sokajin'entana voarara ny fanafarana na ny fanondranana no voakasika. Iharan'izany koa ny tsy fanatanterahana manontolo na ampahany ny adidy nekena tao anatin'ireo fitondrana ara-padintseranana ara-toekarena (*régimes économiques*).

Sokajy II

Sazy fanampiny

§ 1 – Famaboana

Ovaina toy izao ny andininy faha-372 :

And. 372 – Ankoatra ireo sazy hafa voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, dia raofina :

1° Ireo entana efa nanaovana na nokasaina hanaovana fanoloana tamin'ny hosoka, amin'ireo toe-javatra voalazan'ny andininy faha-357 2°, faha-363 2° c) ary faha-366 2° ;

2° Ireo entana natolotra tamin’ny fiaingana, amin’ny toe-javatra voalazan’ny andininy faha-367 1° etsy ambony ;

3° Ireo fitaterana, amin’ny toe-javatra voalazan’ny andininy faha-47 1° etsy ambony.

Ny ambiny tsy misy fanovana.

B- MAHAKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADINTSERANANA :

Ny fanovàna momba ny lazam-bidy amin'ny Faditseranana dia miompana amin'ny :

1. Fampiakarana ho amin'ny taha 30% ny haban-tseranan'ny entana lafo vidy sy manimba ny fahasalamana ary ny vokatra vita izay misy famokarana eto an-toerana :

1.1. Fampiakarana ho amin'ny taha 30% ny haban-tseranana ho an'ny divay, ny « spiritueux » ary ny zava-pisotro misy alikaola hafa ho an'ireo zana-tsokajy voatanisa etsy ambany :

Raha :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
2204.10	- Vins mousseux :			
2204.10 10	--- De champagne	l	20	20
2204.10 90	--- Autres	l	20	20
	- Autres vins; moûts de raisin dont la fermentation a été empêchée ou arrêtée par addition d'alcool :			
2204.21 00	-- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	20	20
2204.22 00	-- En récipients d'une contenance excédant 2 l mais n'excédant pas 10 l	kg	20	20
2204.29	-- Autres :			
	--- Vins (autres que les vins de liqueur et assimilés et les vins mousseux) provenant exclusivement de la fermentation des raisins frais ou du jus de raisin frais :			
2204.29 11	---- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	20	20
2204.29 19	---- Autres	l	20	20
	--- Vins de liqueur, mistelles ou moûts mutés à l'alcool, provenant exclusivement de raisin frais ou du jus de raisin frais :			
2204.29 21	---- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	20	20
2204.29 29	---- Autres	l	20	20
	--- Vins vinés :			
2204.29 31	---- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	20	20
2204.29 39	---- Autres	l	20	20
2204.29 90	--- Autres	l	20	20
2204.30 00	- Autres moûts de raisin	l	20	20
2205.10	- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l :			
2205.10 10	--- Vermouths	l	20	20
2205.10 90	--- Autres	l	20	20
2205.90	- Autres :			
2205.90 10	--- Vermouths	l	20	20
2205.90 90	--- Autres	l	20	20
	--- Cidre, poiré et hydromel présentés :			
2206.00 11	---- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	20	20
2206.00 19	---- Autres	l	20	20
2206.00 90	--- Autres boissons fermentées (betsabetsa, jus fermenté de noix de coco, etc.)	l	20	20
2207.20 20	--- Alcool éthylique dénaturé d'un titre alcoométrique volumique inférieur à 90p100 vol.	l	20	20
2207.20 30	--- Eaux de vie dénaturées de tous titres	l	20	20
2208.20	- Eaux- de- vie de vin ou de marc de raisin :			
2208.20 10	--- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	20	20
2208.20 90	--- Autres	l	20	20
2208.30	- Whiskies :			
2208.30 10	--- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	20	20

2208.30 90	--- Autres	l	20	20
2208.40	- Rhum et autres eaux de vie provenant de la distillation, après fermentation, de produits de cannes à sucre :			
2208.40 10	--- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	20	20
2208.40 90	--- Autres	l	20	20
2208.50	- Gin et genièvre :			
2208.50 10	--- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	20	20
2208.50 90	--- Autres	l	20	20
2208.60 00	- Vodka	l	20	20
2208.70 00	- Liqueurs	l	20	20
2208.90	- Autres :			
	--- Boissons spiritueuses, titrant en alcool (acquis et en puissance) :			
2208.90 11	---- Moins de 15°	l	20	20
2208.90 12	---- 15° et plus	l	20	20
2208.90 90	--- Autres	l	20	20

Vakiana :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
2204.10	- Vins mousseux :			
2204.10 10	--- De champagne	l	30	20
2204.10 90	--- Autres	l	30	20
	- Autres vins; moûts de raisin dont la fermentation a été empêchée ou arrêtée par addition d'alcool :			
2204.21 00	-- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	30	20
2204.22 00	-- En récipients d'une contenance excédant 2 l mais n'excédant pas 10 l	kg	30	20
2204.29	-- Autres :			
	--- Vins (autres que les vins de liqueur et assimilés et les vins mousseux) provenant exclusivement de la fermentation des raisins frais ou du jus de raisin frais :			
2204.29 11	---- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	30	20
2204.29 19	---- Autres	l	30	20
	--- Vins de liqueur, mistelles ou moûts mutés à l'alcool, provenant exclusivement de raisin frais ou du jus de raisin frais :			
2204.29 21	---- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	30	20
2204.29 29	---- Autres	l	30	20
	--- Vins vinés :			
2204.29 31	---- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	30	20
2204.29 39	---- Autres	l	30	20
2204.29 90	--- Autres	l	30	20
2204.30 00	- Autres moûts de raisin	l	30	20
2205.10	- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l :			
2205.10 10	--- Vermouths	l	30	20
2205.10 90	--- Autres	l	30	20
2205.90	- Autres :			
2205.90 10	--- Vermouths	l	30	20
2205.90 90	--- Autres	l	30	20
	--- Cidre, poiré et hydromel présentés :			
2206.00 11	---- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	30	20
2206.00 19	---- Autres	l	30	20
2206.00 90	--- Autres boissons fermentées (betsabetsa, jus fermenté de noix de coco, etc.)	l	30	20
2207.20 20	--- Alcool éthylique dénaturé d'un titre alcoométrique volumique inférieur à 90p100 vol.	l	30	20
2207.20 30	--- Eaux de vie dénaturées de tous titres	l	30	20
2208.20	- Eaux- de- vie de vin ou de marc de raisin :			
2208.20 10	--- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	30	20
2208.20 90	--- Autres	l	30	20
2208.30	- Whiskies :			
2208.30 10	--- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	30	20
2208.30 90	--- Autres	l	30	20

2208.40	- Rhum et autres eaux de vie provenant de la distillation, après fermentation, de produits de cannes à sucre :			
2208.40 10	--- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	30	20
2208.40 90	--- Autres	l	30	20
2208.50	- Gin et genièvre :			
2208.50 10	--- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	l	30	20
2208.50 90	--- Autres	l	30	20
2208.60 00	- Vodka	l	30	20
2208.70 00	- Liqueurs	l	30	20
2208.90	- Autres :			
	--- Boissons spiritueuses, titrant en alcool (acquis et en puissance) :			
2208.90 11	---- Moins de 15°	l	30	20
2208.90 12	---- 15° et plus	l	30	20
2208.90 90	--- Autres	l	30	20

1.2. Fampiakarana ho amin'ny taha 30% ny haban-tseranana ho an'ny paraky sy ny vokatra misy nikotinina ho an'ireo zana-tsokajy voatanisa etsy ambany :

Raha :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
	- Produits destinés à une inhalation sans combustion :			
2404.11	-- Contenant du tabac ou du tabac reconstitué :			
2404.11 10	--- Capsule de tabac	kg	20	20
2404.11 20	--- Cartouche pour cigarette électronique	kg	20	20
2404.11 90	--- Autres	kg	20	20
2404.12	-- Autres, contenant de la nicotine :			
2404.12 10	--- Inhalateur contenant des cartouches de nicotine	kg	20	20
2404.12 20	--- Cartouche pour cigarette électronique, en plastique, contenant une matière absorbante saturée de solution de propylène glycol, glycérol, nicotine et alcool éthylique, destinée à la vaporisation	kg	20	20
2404.12 30	--- Packs de nicotine, contenant de la nicotine mélangée avec glycérine végétale, propylène glycol ou sels de nicotine, destinés à être ajoutés à un liquide pour cigarette électronique	kg	20	20
2404.12 90	--- Autres	kg	20	20
2404.19	-- Autres			
2404.19 10	--- Cartouche pour cigarette électronique, en plastique, contenant une matière absorbante saturée d'une solution de propylène glycol, glycérol, huiles et arômes, destinée à être vaporisée	kg	20	20
2404.19 20	--- Diffuseur électronique jetable, sans nicotine ni tabac, prérempli d'un mélange d'huiles essentielles et de glycérine, produisant une vapeur à inhaler	kg	20	20
2404.19 30	--- Pierres minérales imprégnées de glycérine et d'arômes, sans nicotine, destinées à produire de la vapeur dans une pipe à eau	kg	20	20
2404.19 90	--- Autres	kg	20	20
	- Autres :			
2404.91	-- Pour une application orale			
2404.91 20	--- Sachets de nicotine sans tabac, à usage oral, à visée récréative --	kg	20	20
2404.91 90	--- Autres	kg	20	20
2404.92	-- Pour une application percutanée			
2404.92 90	--- Autres	kg	20	20
2404.99 00	-- Autres	kg	20	20

Vakiana :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
	- Produits destinés à une inhalation sans combustion :			
2404.11	-- Contenant du tabac ou du tabac reconstitué :			
2404.11 10	--- Capsule de tabac	kg	30	20
2404.11 20	--- Cartouche pour cigarette électronique	kg	30	20
2404.11 90	--- Autres	kg	30	20
2404.12	-- Autres, contenant de la nicotine :			
2404.12 10	--- Inhalateur contenant des cartouches de nicotine	kg	30	20
2404.12 20	--- Cartouche pour cigarette électronique, en plastique, contenant une matière absorbante saturée de solution de propylène glycol, glycérol, nicotine et alcool éthylique, destinée à la vaporisation	kg	30	20
2404.12 30	--- Packs de nicotine, contenant de la nicotine mélangée avec glycérine végétale, propylène glycol ou sels de nicotine, destinés à être ajoutés à un liquide pour cigarette électronique	kg	30	20
2404.12 90	--- Autres	kg	30	20
2404.19	-- Autres			
2404.19 10	--- Cartouche pour cigarette électronique, en plastique, contenant une matière absorbante saturée d'une solution de propylène glycol, glycérol, huiles et arômes, destinée à être vaporisée	kg	30	20
2404.19 20	--- Diffuseur électronique jetable, sans nicotine ni tabac, prérempli d'un mélange d'huiles essentielles et de glycérine, produisant une vapeur à inhaler	kg	30	20
2404.19 30	--- Pierres minérales imprégnées de glycérine et d'arômes, sans nicotine, destinées à produire de la vapeur dans une pipe à eau	kg	30	20
2404.19 90	--- Autres	kg	30	20
	- Autres :			
2404.91	-- Pour une application orale			
2404.91 20	--- Sachets de nicotine sans tabac, à usage oral, à visée récréative --	kg	30	20
2404.91 90	--- Autres	kg	30	20
2404.92	-- Pour une application percutanée			
2404.92 90	--- Autres	kg	30	20
2404.99 00	-- Autres	kg	30	20

1.3. Fampiakarana ho amin'ny taha 30% ny haban-tseranana ho an'ny ranomanitra zana-tsokajy laharana 3303.00 11 / 3303.00 12 / 3303.00 20 :

Raha :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
	--- Liquides:			
3303.00 11	---- Non alcooliques	kg	20	20
3303.00 12	---- Alcooliques	kg	20	20
3303.00 20	--- Concrets	kg	20	20

Vakiana :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
	--- Liquides:			
3303.00 11	---- Non alcooliques	kg	30	20
3303.00 12	---- Alcooliques	kg	30	20
3303.00 20	--- Concrets	kg	30	20

1.4. Fampiakarana ho amin'ny taha 30% ny haban-tseranana ho an'ny vokatra kosmetika ho an'ireo zana-tsokajy voatanisa etsy ambany :

Raha :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
3304.10 00	- Produits de maquillage pour les lèvres	kg	20	20
3304.20 00	- Produits de maquillage pour les yeux	kg	20	20
3304.30 00	- Préparations pour manucures ou pédicures	kg	20	20
	- Autres:			
3304.91 00	-- Poudres y compris les poudres compactes	kg	20	20
3304.99 00	-- Autres	kg	20	20
3305.10 00	- Shampooings	kg	20	20
3305.20 00	- Préparations pour l'ondulation ou le défrisage permanent	kg	20	20
3305.30 00	- Laques pour cheveux	kg	20	20
3305.90 00	- Autres	kg	20	20

Vakiana :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
3304.10 00	- Produits de maquillage pour les lèvres	kg	30	20
3304.20 00	- Produits de maquillage pour les yeux	kg	30	20
3304.30 00	- Préparations pour manucures ou pédicures	kg	30	20
	- Autres:			
3304.91 00	-- Poudres y compris les poudres compactes	kg	30	20
3304.99 00	-- Autres	kg	30	20
3305.10 00	- Shampooings	kg	30	20
3305.20 00	- Préparations pour l'ondulation ou le défrisage permanent	kg	30	20
3305.30 00	- Laques pour cheveux	kg	30	20
3305.90 00	- Autres	kg	30	20

1.5. Fampiakarana ho amin'ny taha 30% ny haban-tseranana ho an'ny firavaka ho an'ireo zana-tsokajy voatanisa etsy ambany :

Raha :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
	- En métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :			
7113.11 00	-- En argent, même revêtus, plaqués ou doublés d'autres métaux précieux -	kg	20	20
7113.19	-- En autres métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :			
7113.19 10	--- En or	kg	20	20
7113.19 11	--- En platine	kg	20	20
7113.19 90	--- En autres métaux précieux	kg	20	20
7113.20 00	- En plaqués ou doublés de métaux précieux sur métaux communs	kg	20	20
	- En métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :			
7114.11 00	-- En argent, même revêtu, plaqué ou doublé d'autres métaux précieux	kg	20	20
7114.19	-- En autres métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :			
7114.19 10	--- En or	kg	20	20
7114.19 11	--- En platine	kg	20	20

7114.20 00	- En plaqués ou doublés de métaux précieux sur métaux communs	kg	20	20
7115.90	- Autres :			
7115.90 10	--- En or	kg	20	20
7115.90 20	--- En platine	kg	20	20
7115.90 30	--- En argent vermeil	kg	20	20
7115.90 90	--- En plaqués ou doublés de métaux précieux	kg	20	20
7116.10 00	- En perles fines ou de culture	kg	20	20
7116.20 00	- En pierres gemmes ou en pierres synthétiques ou reconstituées	kg	20	20
	- En métaux communs, même argentés, dorés ou platinés :			
7117.11 00	-- Boutons de manchettes et boutons similaires	kg	20	20
7117.19 00	-- Autres	kg	20	20
7117.90	- Autres :			
7117.90 10	--- En matières plastiques	kg	20	20
7117.90 90	--- Autres	kg	20	20

Vakiana :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
	- En métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :			
7113.11 00	-- En argent, même revêtus, plaqués ou doublés d'autres métaux précieux -	kg	30	20
7113.19	-- En autres métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :			
7113.19 10	--- En or	kg	30	20
7113.19 11	--- En platine	kg	30	20
7113.19 90	--- En autres métaux précieux	kg	30	20
7113.20 00	- En plaqués ou doublés de métaux précieux sur métaux communs	kg	30	20
	- En métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :			
7114.11 00	-- En argent, même revêtu, plaqué ou doublé d'autres métaux précieux	kg	30	20
7114.19	-- En autres métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :			
7114.19 10	--- En or	kg	30	20
7114.19 11	--- En platine	kg	30	20
7114.20 00	- En plaqués ou doublés de métaux précieux sur métaux communs	kg	30	20
7115.90	- Autres :			
7115.90 10	--- En or	kg	30	20
7115.90 20	--- En platine	kg	30	20
7115.90 30	--- En argent vermeil	kg	30	20
7115.90 90	--- En plaqués ou doublés de métaux précieux	kg	30	20
7116.10 00	- En perles fines ou de culture	kg	30	20
7116.20 00	- En pierres gemmes ou en pierres synthétiques ou reconstituées	kg	30	20
	- En métaux communs, même argentés, dorés ou platinés :			
7117.11 00	-- Boutons de manchettes et boutons similaires	kg	30	20
7117.19 00	-- Autres	kg	30	20
7117.90	- Autres :			
7117.90 10	--- En matières plastiques	kg	30	20
7117.90 90	--- Autres	kg	30	20

1.6. Fampiakarana ho amin'ny taha 30% ny haban-tseranana ho an'ny famantaranandro ho an'ireo zana-tsokajy voatanisa etsy ambany :

Raha :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
	- Montres-bracelets, fonctionnant électriquement, même incorporant un compteur de temps :			
9101.11	-- A affichage mécanique seulement :			
9101.11 10	--- En métaux précieux, même associés à des perles fines ou de culture, à des pierres gemmes ou à des pierres synthétiques ou reconstituées des n°s 71.01 à 71.04	u	20	20
9101.11 20	--- En plaqué ou doublé de métaux précieux, même associés à des perles fines ou de culture, à des pierres gemmes ou à des pierres synthétiques ou reconstituées des n°s 71.01 à 71.04	u	20	20
9101.19	-- Autres :			
9101.19 10	--- En métaux précieux, mêmes associés à des perles fines ou de culture, à des pierres gemmes ou à des pierres synthétiques ou reconstituées des n°s 71.01 à 71.04	u	20	20
